NY TAOM-PIANGONANA SMYRNA.
Apokalipsy 2:8-11,
“Ary soraty ho amin'ny anjelin'ny fiangonana any Smyrna: Izao no lazain'ilay Voalohany sy Farany, Izay efa maty kanefa velona: Fantatro ny asanao, ny fahorianao sy ny fahantranao (nefa manan-karena ianao), ary ny fitenenan-dratsy ataon'izay milaza ny tenany ho Jiosy, kanjo tsy izy, fa synagogan'i Satana. Aza matahotra ny amin’izany, izay hiatra aminao; indro, ny devoly hanao ny sasany aminareo ao an-tranomaizina, mba ho voazaha toetra ianareo, ary hanam-pahoriana hafoloana. Mahatokia hatramin'ny fahafatesana, dia homeko anao ny satro-boninahitry ny fiainana. Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana. Izay maharesy dia tsy hosimban'ny fahafatesana faharoa.”

SAVA LALANA.
Mba hamelombelona ny sainareo dia te-hanamarika indray aho ny amin’ny fomba ahitantsika ny anaran'ireo iraka ho any amin'ny vanim-potoana isan-karazany. Andriamanitra ao amin'ny fiandrianany araka ny sitrapony no nahita fa ny tantaran'ny fiangonana Testamenta Vaovao dia tsy very, dia tahaka ny nahitany fa ny tantaran'ny Isiraely tsy ho very amin’ny fametrahana izany ao amin'ny Baiboly, ary manamarina azy amin'izao fotoana izao avy amin'ny horonam-boky tsy tambo isaina, vilany tany sy porofo hafa voadika izay hitan'ny mpikaroka Arkeology. Isika izany dia manana fanehoan-kevitra momban’ny tantaran’ny Baiboly manomboka amin'ny pejy voalohany ka hatramin’izao. Noho izany amin'ny alalan'ny famakiana ny tantara no ahitantsika ny lehilahy na ireo lehilahy ao amin'ny vanim-potoana isan-karazany manakaiky indrindra ny modelin’Andriamanitra tany am-boalohany, dia ny an’ny Apôstôly Paoly. Ireo izay nampiasain'Andriamanitra hitondra ny vahoakany hiverina amin’ny Tenin’ny Fahamarinana no mila jerena akaiky. Dia avy amin’ireo no hisy iray isaky ny vanim-potoana izay hivoaka toy ny mazava indrindra ary manakaiky indrindra ny endriky ny Teny sy ny heriny. Izay iray izay ilay iraka. Ny sokajin-taona ihany koa dia hita amin’ny fianarana ny tantara. Mila mamaky ny vanim-potoana araka ny hita ao amin'ny Apokalypsy ny olona iray, ary izany rehetra izany dia mifandraika tsara amin'ny tantara, eny TSY MAINTSY. Koa satria ny Taom-Piangonana dia nolazain’Andriamanitra mialoha, ary ny momba azy ireo dia naseho,noho izany ny tantara izany manaraka izany dia ilaina ary ho toy ny Baiboly mivelatra. Izany dia tsotra - ary fahatsorana ny fanalahidin'ny Teny. Ary amin’izany rehetra izany dia tsy mpianatra sy mpahay tantara fontsiny ihany aho, fa nikatsaka ny mba ho lehilahy araka ny toe-tsaina ara-panahy, dia ny fankatoavan'ny Fanahin'Andriamanitra voafaritra mazava ihany no nifidianako ireo lehilahy nofidiko. Marina izany ary Andriamanitra mahalala ny ato anatiko.

NY IRAKA.
Amin’ny fampiasana ny fitsipika nomen’Andriamanitra antsika hisafidianana ny iraka isaky ny vanim-potoana, dia tsy am-pisalasalana no hanambaratsika fa i Irénée no nasandratry ny Tompo ho amin'io toerana io. Izy no mpianatr'ilay olo-masina lehibe miaramilan’ny finoana, dia tsy iza izany fa i Polycarpe. Ary tsy isalasalana fa raha nipetraka teo anilan’ny tongotr’ity olona lehibe ity izy dia nahalala ny fahasoavana Kristiana nikoriana avy amin'ny fanokanam-piainany ho masina, satria i Polycarpe dia iray amin'ireo olo-masina tena miavaka tamin’ny sokajin-taona rehetra, raha jerena ny

fiainany izay tsy manan-tsiny. Hotsaroanareo avy amin'ny famakiana manokana fa i Polycarpe dia maty maritiora. Antitra loatra izy no nandositra, ary lehilahy tso-po loatra ka namela iray hafa mba hanafina azy, avy eo niharan'ny ny sazy noho ny fanaovana izany, nanolotra ny tenany ho faty izy. Alohan'ny nanaovany izany, dia nangataka ny omena fahazoan-dalana izy mba hivavaka adiny roa ho an'ny rahalahiny ao amin'ny Tompo, ho an'ny governora,ho an'ny fahavalony sy ireo mpamabo azy. Toy ny olo-masina lehibe rehetra amin'ny vanim-potoana, ary maniry ny fitsanganana amin'ny maty tsara kokoa, dia nijoro ho mafy orina izy, tsy nety nandà ny Tompo izy, ka niara-maty tamin'ny feon'ny fieritreretana malalaka. Nahantona teo amin'ny tsato-kazo izy (tsy nofantsihana fa nofatorana tamin'ny tady araka ny fangatahany) ary dia narehitra ny afo. Niala tamin'ny vatany ny afo ary tsy nahakasika azy. Noho izany dia nolefonina tamin'ny sabatra izy avy eo. Rehefa natao izany, dia nigororoana ny rano avy amin'ny takibany ka nandevona ny afo. Ny fanahiny dia hita nandeha toy ny endriky ny voromailala fotsy niala tao an-tratrany. Kanefa na dia teo aza izany fijoroana vavolombelona lehibe izany, ity mpianatry Jaona ilay Mpanambara ity dia tsy mpitolona nanohitra ny rafitra Nikolaita, fa na izy tenany aza dia nirona tany amin'ny fikambanana, tsy fantany fa ny faniriana mba hiaraka izay miseho tahaka ny drafitra tsara manome vahana ny asan'Andriamanitra dia tena fitaky ny fahavalo.

Tamin'i Irénée kosa dia tsy mba toy izany. Izy dia nanohitra mafy ny endrika fikambanana. Koa, ny fiainany ara-tantara, izay nanompoany ny Tompo, dia iray amin'ireo tena nisehoan'ny Fanahy Masina; Ary ny Teny dia nampianarina tamin'ny fanazavàna tsy fahita firy mifanaraka amin'ny tany am-boalohany. Ny fiangonany tao Frantsa dia fantatra fa nanana ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy teo amin'ny olona, ny olona masina niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, naminany, nanangana ny maty, ary nanasitrana ny marary tamin'ny vavaky ny finoana. Ary hitany ny loza ao amin'ny karazana fikambanan'ny mpirahalahy teo amin'ny anti-panahy, pasitera, sns… dia nijoro mafy izy ho an'ny firaisan'ny Fahafenon'ny Fanahy, fisehoan'ny fanomezam-pahasoavana ao amin'ny fiangonana tao an-toerana. Ary Andriamanitra nanome voninahitra azy noho ny herin'Andriamanitra niseho teo amin'ny olo-masina.

Mazava ihany koa ny fahatakarany momba ny maha-Andriamanitra. Ary satria izy no mpianatr'i Polycarpe, izay mpianatr'i Masindahy Jaona, dia afaka mahalala isika fa izy dia nanana fampianarana tonga lafatra momba ity loha-hevitra ity. Ao amin'ny Boky1, pejy 412 ao amin'ny Ante Nicée-Constantinople dia ananantsika ny fanambarany momba ny maha-Andriamanitra. "Ny filazàna hafa rehetra, koa, dia mamoaka ny anaram-boninahitra iray, sy olona iray dia ny Tompon'ny Hery, ilay Tompo, Andriamanitry Izao rehetra izao, Andriamanitra Tsitoha, Avo Indrindra, Mpamorona, Mpanao, ary ny toy izany, ireo dia tsy anarana sy anaram-boninahitra hifandimbiasan'ny olombelona samy hafa, fa iray ihany ary mitovy." Nanipika mazava tsara izy fa ireny dia anaram-boninahitra ihany toy ny Raozin'i Sarôna, Kintana Mamirapiratra Fitarik'andro, Tsara indrindra amin'ny Alinalina, sns… Tsy misy Andriamanitra afa-tsy iray. Ny anarany dia i Jesosy Kristy Tompo.

Noho izany nohon'ny fankatoavany hentitra ny Teny, ny fahalalany mahagaga ny Soratra Masina, sy ny fanatrehan'ny herin'Andriamanitra teo amin'izany asa fanompoana izany, dia izy no safidy tsara ho an'ny vanim-potoana. Mampalahelo tokoa fa ny vanim-potoana hafa tsy nanana mpitondra hafatra toy izany izay nifandanjan'ny vokatra, ny hery, sy ny fitarihina ao amin'ny Fanahy Masina sy ny Teny.

SMYRNA.

Ny tanànan'i Smyrna dia avaratrakelin'i Efesosy amin'ny vavan'ny Helodrano Smyrna. Nohon'ny seranan-tsambony tena tsara dia foibe ara-barotra fanta-daza izy amin'ny fanondranana. Izy ihany koa dia miavaka noho ny sekoly ao aminy sy ny kabary tsara lahatra, filozofia, fitsaboana, siansa,sy trano tsara. Maro ny Jiosy no nipetraka tao, ary izy ireo dia nanohitra mafy ny Kristiana, ary izany aza dia

mihoatra noho ny an’ireo Romana. Ny marina dia i Polycarpe eveka voalohany tao Smyrna dia maritiora noho ny Jiosy ary dia voalaza fa nozimbazimbain’izy ireo ny andro masina (Asabotsy) ka nitondran’izy ireo ny hazo handorana ny fatiny.

Ny teny hoe Smyrna dia midika hoe, "mangidy," nalaina avy amin’ ny teny hoe miora. Ny miora dia nampiasaina amin'ny fikarakarana faty. Noho izany dia manana dikany roa sosona isika hita amin'ny anaran’io vanim-potoana io. Io dia taona mangidy feno fahafatesana. Ny voaloboka roa tao anatin'ny sehatry ny fiangonana dia nikisaka niaraka tamin’ny fangidiana izay tsy izy ho an’ny tena voaloboka noho ireo ampahany tsy izy. Ny fahafatesana dia tsy ny taranaky ny voaloboka tsy izy ihany, fa na dia ao amin'ny tena voaloboka aza nisy paralisisa nandady sy ny fahalemena satria efa niala tamin'ilay fahamarinana tsy misy kilema nadritra ny taona vitsivitsy voalohany taorian'ny Pentekosta; ary tsy nisy mpino marina natanjaka sy salama ara-panahy ka velona raha tsy ny fahalalany sy ny fankatoavany ny Tenin'Andriamanitra madio, araka ny hita amin'ny alalan'ny ohatra maro be ao amin'ny Testamenta Taloha.Nitombo izay tsy izy ny fikambanana, manamarina sy mampitombo ny fahafatesan'ny mpikambana, satria ny fitarihan’ny Fanahy Masina dia nesorina ary ny Teny dia nosoloina fanekem-pinoana, foto-pinoana sy ny fombafomban’olombelona.

Ary rehefa niditra tamin’ny fifanekena tsy ara-dalàna tao amin'izao tontolo izao Israely, ary namorona firaisana amin'ny fanambadiana, farany dia tonga ny andro nandraisan’izao tontolo ny fahefana, ary nentin’i Babylona ho babo ny vahoakan'Andriamanitra. Ary raha lasan-ko babo izy ireo dia nanohy tamin’ny fisoronana, ny tempoly sy ny Teny. Fa rehefa niverina izy ireo dia nanana raby, laharan’ny Fariseo Teolojiana, ny synagoga, sy ny Talmoda. Ary nony tonga Jesosy dia tena efa ratsy ka Izy no niantso ny rain’izy ireo hoe ny devoly, ary izany dia na taranak’i Abrahama aza izy ireo araka ny nofo. Amin'izao fiainana izao isika dia mahita zavatra toy izany mitranga. Kanefa na dia izany aza ny Isiraely rehetra'Tsy ny Israely, fa vondrona kely, dia ireo tena Israelita ara-panahy, ka dia hisy foana ny vondrona kely tena Kristiana marina, ny ampakarin’i Kristy, ambara-pahatongany haka ny Azy.

Ao amin'ity tanàna ity dia nisy tempoly roa nalaza. Ny iray dia ny tempoly naorina ho amin'ny fanompoam-pivavahana tamin'i Zeosy, ary ny anankiray kosa dia naorina ho an’i Cybele. Ary ny teo anelanelan'ireo tempoly roa ireo no nahitana ny lalana tsara indrindra fahiny, antsoina hoe ny Golden Street (Lalam-bolamena). Ho ahy izany dia mampiseho ny lalana miditra ao amin’ny fanompoan-tsampy izay efa nanomboka tamin'ny vanim-potoana voalohany, saingy toa tao Roma ihany no nahalalana fa nisy azy. Ny fanakambanana ireo tempoly roa, dia ny andriamanitra sy andriamanibavy no taranak'i Mariolatria izay niantsona an’i Maria hoe renin 'Andriamanitra ka nandraisany voninahitra sy anaram-boninahitra ary hery manome azy ny fitoviana amin'i Jesosy Kristy. Ny Lalam-bolamena izay manakambana azy ireo dia sarin'ny fitiavan-karena izay nahatonga ny mpikarakara Nikolaita hanambatra ny fanjakana sy ny fiangonana, satria fantany ny harena sy ny fahefana entiny. Ary satria ny vanim-potoana Efesosy dia nanirian’ny voa ho an'ny loza tamin’ny vanim-potoana Pergamosy izay mbola amin'ny ho avy, io Vanim-potoana Smyrna io dia ny orana, ny masoandro, sy ny sakafo izay azo antoka fa mamelona ny kolikoly ratsy izay manamafy ny fiangonana amin'ny fanompoan-tsampy, dia ny fijangajangana ara-panahy, izay tsy ho tafarina amin’izany intsony izy. Ny fahafatesana niely tao amin’ny fakany mba hisampana, ary izay rehetra nandray anjara taminy dia nihinana ny mangidy sy ny fahafatesany. Naharitra hatramin'ny 170-312 taorian'i Kristy io vanim-potoana io.

FIARAHABANA.
Apokalypsy 2: 8, "Izao no lazain'ilay Voalohany sady Farany, Izay efa maty nefa velona indray." "Ny Voalohany sy ny Farany, Izay efa maty nefa velona indray." Ary izany dia tsy tenin' olombelona. Ny olombelona tsotra ve (afaka hiteny avy ao am-pasana) ka hanao hoe: "Izaho no voalohany sy farany izay velona ka maty." Ny zavatra voalohany mitranga amin’ny olona dia ny fahaterahana (velona) ary

ny zavatra izay hitranga farany dia ny fahafatesana. Noho izany tsy mba olona no miteny eto. Izany no maha-Andriamanitra. Ny lehilahy (Adama) dia nahazo fahavelomana (aina) ary namily izany ho amin'ny fahafatesana. Fa ity LEHILAHY ity (Jesosy) nandray ny fahafatesana ary namadika izany ho amin'ny fiainana. I Adama naka tsy fananan-tsiny ka namadika izany ho fanamelohana. Ity Iray ity dia nitondra heloka ary namadika izany ho fahamarinana. I Adama naka paradisa ary namadika izany ho tany efitra foana nampierona; Fa ity Iray ity ho avy indray hamadika ny tany niozongozona sy niodikodina tamin'ny fandringanana ho Edena iray hafa. I Adama nandray fiainana misy fiarahana sy fifaliana tao amin'Andriamanitra ary nanao izany ho tany efitry ny haizina ara-panahy izay namoaka ny ota rehetra, fahalovan'ny fitondran-tena, fanaintainana, fijaliana,fahaverezan-kevitra, ary ny kolikoly izay miady ao amin'ny fanahin'ny olona. Fa ity Iray ity,avy amin'ny fahafatesana mampalahelo sy fahapotehana izay feno teo amin'ny olombelona, dia namoaka ny fiainan'ny fahamarinana sy ny hatsaran-tarehy, ka tahaka ny ota nanjaka indray mandeha ho amin'ny fahafatesana, dia toy izany koa ny olona ankehitriny, mety manjaka amin'ny fahamarinana amin'ny alalan'ilay Iray, dia Jesosy Kristy, ary tsy tahaka ny fahadisoana izany, na dia mafy tokoa aza izany, fa ankehitriny, hendre izany haben'ny Fanomezam-pahasoavany ho amin'ny fiainana mandrakizay.

Ary eto Izy, mandehandeha eo amin'ireo izay efa navotany, eny ny Fiangonany. Ary iza ireo izay navotana? Tsy maro ve ny toa an'i Paoly, mpamono olona sy ny mpanao ratsy? Tsy maro ve ny toy ilay mpangalatra nelohina ho faty, mpamono olona sy mpangalatra olona? Izy rehetra dia naharesy tamin'ny Fahasoavany. Izy rehetra novonjena ka afaka tamin'ny fahafatesana. NOVELOMINA tao amin'i Kristy Jesosy Tompo izy rehetra. Manontany tena aho raha nanamarika ny fiarahabana tao amin'ny vanim-potoana voalohany ianao, ary avy eo dia nanamarika ny iray ho amin'izao vanim-potoana izao. Apetrao miaraka fontsiny anie izy roa ireo e. "Izao no lazain'ilay mihazona ny kintana fito eny amin'ny Tanany havanana, ary mandeha eo anivon'ny fiangonana. Izao no lazain'ilay Voalohany sady Farany, Izay efa maty kanefa velona." Izany dia iray ihany ary olona mitovy. Ary Izy mamela antsika hahafantatra fa ny fiangonana dia Azy. Toy ny voa amin'ny voankazo izay ao anatiny, dia toy izany koa Izy, Ilay Taranaka (voa) Mpanjaka, eo afovoan 'ny fiangonana. Ary satria ny voa ihany no manana ny fiainana ao aminy, dia toy izany Izy, dia ny mpanome ny fiainana ho an'ny fiangonana. Ny fandehandehanany dia midika fa tsy nety sasatra Izy nikarakara izany. Izy no Mpiandry Lehibe Indrindra mijery ny Azy. Izany dia Anjarany, satria Izy no nividy ny fiangonana tamin'ny ràny. Izany rà izany dia ny ràn'Andriamanitra. Ilay Iray tompon'ny fiangonana dia Andriamanitra, tena Andriamanitra. Izy no 'Voalohany sy ny Farany.' Izany lohateny izany dia milaza ny mandrakizay. Izy efa maty kanefa velona indray. Nefainy ny sarany ka ananany ny maha-tompon'ny tempolin'Andriamanitra Azy. Izy no mitondra izany. Izy no hivavahana ao. Mankahala olona maka ny maha-Tompo sy Mahefa Azy Izy. Tsy isalasalana fa ny antony nampidirany ny Tenany isaky ny vanim-potoana ho toy Ny Andriamanitra dia mba hampitandremana sy hampionona ny olona.Nampitandrina ny voaloboka sandoka ihany koa Izy, ary mampionona ny tena voaloboka. IZANY NO HANY TENA ANDRIAMANITRA MAHERY INDRINDRA. Henoy Izy dia ho velona ianao.

NY MOMBA IO VANIM-POTOANA IO

Apokalypsy 2: 9, "Fantatro ny asanao, ny fahoriana sy ny fahantranao, (nefa manan-karena ianao), ary Izaho mahalala ny fitenenan-dratsy ataon'izay milaza ny tenany ho Jiosy, kanjo tsy izy, fa synagogan'i Satana."

Ny fanalahidin'io vanim-potoana io dia azo inoana fa tena fahoriana. Raha nisy fahoriana tao amin'ny vanim-potoana voalohany, dia misy ankehitriny ny fahoriambe voalaza mialoha nandritra ny vanim-potoana faharoa. Tsy misy fisalasalana fa ireto teny manaraka nolazain'i Paoly ireto dia ampiharina amin'ny Kristianina faobe na aiza na aiza eo amin'izao tontolo izao sy amin'ny fotoana rehetra. Hebreo 10: 32-38, "Fa tsarovy ny andro fahiny izay naharetanareo ny ady mafy tamin'ny fahoriana, rehefa

nohazavaina ianareo; indraindray raha natao ho fizaha noho ny fanaratsiana sy ny fampahoriana ianareo, ary indraindray koa raha tonga naman'izay azon'izany. Fa sady niara-niaritra tamin'izay nifatotra ianareo no nifaly raha norobaina ny fanananareo, satria fantatrareo fa ianareo dia manana fananana tsara lavitra sady maharitra.Koa aza manary ny fahasahianareo izay misy valiny lehibe. Fa tokony hanana faharetana ianareo mba ho azoanareo izay lazain'ny teny fikasana, rehefa vitanareo ny sitrapon'Andriamanitra. Fa "rehefa afaka kelikely, Dia ho tonga Ilay ho avy ary tsy hitaredretra "Ary ny oloko marina dia ho velon'ny finoana"; Fa raha mihemotra izy, dia tsy sitraky ny fanahiko (Hab. 2.3, 4).

Ny fikambanan'ny olona tsara fanahy amin'ny mpino tena marina dia mety hiteraka fahafatesana nohon'ny hatsaram-panahin'izy ireo.

Ary ny Tompo Andriamanitra Tsitoha nanao hoe: "FANTATRO." Tao Izy no mandeha eo anivon'ny olony. Ao Izy, Mpiandry Ondry Lehibe. Kanefa ve Izy mihazona ny fanenjehana? Misakana ny fahoriana ve Izy? Tsia, tsy nanao izany Izy. Hoy fotsiny izy: "FANTATRO ny fahorianao -- tsy hoe tsy noraharahiko ny fijalianao." Tena vato mahatafintohina izany ho an'ny olona maro. Toy ny Israely izay nanontany tena raha tena tia azy ireo Andriamanitra. Ahoana Andriamanitra no marina sy feno fitiavana raha toa ka mitsangana sy mijery ny Olony mijaly? Izany no nangatahiny ao amin'ny Malakia 1:1-3, "Faminaniana ny amin'ny Tenin'ny Tompo ho an'Israely nataon'i Malakia. Efa tia anareo Aho, hoy Jehovah. Nefa hoy ianareo: Inona no nentinao nitia anay? Tsy rahalahin'i Jakoba va Esao? Hoy ny Tompo; nefa Jakoba no tiako, ary Esao halako, ka lao ny tendrombohiny, ary ny lovany rava natolotro ho an'ny amboadia any an-efitra." Hitanareo, tsy afaka mahatakatra ny fitiavan'Andriamanitra izy ireo. Nihevitra izy ireo fa ny fitiavana midika hoe tsy natao hijaly. Nihevitra izy ireo fa ny fitiavana dia midika toy ny fikarakaran'ny ray aman-dreny ny zanany mbola kely. Fa Andriamanitra nilaza fa ny Fitiavany dia fitiavana "nofidina". Ny porofon'ny Fitiavany dia FIFIDIANANA -- na inona na inona zava-nitranga, ny Fitiavany dia voaporofo marina tamin'ny zava-misy fa izy ireo dia voafidy ho amin'ny famonjena (satria Andriamanitra efa nifidy anareo hahazo famonjena amin'ny fanamasinan'ny Fanahy sy ny finoana ny fahamarinana). Mety ahatonga anao ho faty Izy tahaka ny nataony tamin'i Paoly. Mety anao anao ho mijaly tahaka ny nataony an'i Joba Izy. Izany no tombontsoa manokana ho Azy. Izy no masi-mandidy. Fa izany rehetra izany dia miaraka amin'ny tanjona. Raha tsy manana tanjona Izy, dia mety ho ilay mpamorona ny fahasorenana fa tsy fiadanana. Ny fikasany dia ny hoe rehefa avy nijaly isika dia ho tonga tanteraka, hiorina, hahazo hery ary hitoetra. Araka ny voalazan'i Joba manao hoe: "Izy mametraka hery ao amintsika." (Joba 23: 6b) Hitanareo, Izy Tenany no nijaly. Tamin'ny zavatra Nijaliany no nianarany nankato.Natao tonga tanteraka tokoa Izy tamin'ny zavatra nijaliany. Hebreo 5: 8-9, "na dia Zanaka aza Izy dia nianatra nankato tamin'izay fahoriana nentiny; Ary rehefa natao tanteraka Izy, dia tonga loharanon'ny famonjena mandrakizay ho an'izay rehetra manaraka Azy. "Amin'ny teny tsotra, ny tena toetran'i Jesosy dia lavorary tamin'ny fijaliana. Ary araka ny voalazan'i Paoly, Izy dia namela ny Fiangonany ny ohatry ny fijaliana,ary izy ireo koa, noho ny finoany an'Andriamanitra raha mijaly noho ny Aminy, dia ho tonga amin'ny toerana lavorary. Nahoana Izy no mila izany? Jakoba 1: 2-4, "Ry rahalahiko, ataovy ho fifaliana avokoa, raha latsaka ao amin'ny fakam-panahy samy hafa ianareo, satria fantatrareo izany, fa ny fizahan-toetra ny finoanareo dia mahatonga faharetana. Ary aoka ny faharetana hanana ny asa lavorariny, mba ho tanteraka sy feno ianareo, tsy mitady na inona na inona."

Nahoana Izy no mijanona eo? Ny antony dia ao amin'ny Romana 8:17-18, "Ary raha zanaka, dia mpandova; eny, sady mpandova an'Andriamanitra no mpiray lova amin'i Kristy koa, raha miara-miaritra aminy isika mba hiara-manam-boninahitra aminy koa.Fa ataoko fa ny fahoriana amin'izao andro ankehitriny izao dia tsy tokony hoharina amin'ny voninahitra izay haseho amintsika." Raha tsy mijaly miaraka Aminy isika tsy afaka hanjaka hiaraka Aminy. Tsy maintsy mijaly ianao raha te hanjaka. Ny antony tsotra dia satria ny toetra tsy voazaha raha tsy amin'ny fijaliana. Ny toetra dia

FANDRESENA, fa tsy fanomezana. Ny olona tsy misy toetra ara-panahy dia tsy afaka hanjaka satria ny hery ankoatra ny toetra ara-panahy dia Satanika. Fa ny hery miaraka amin'ny toetra ara-panahy dia mendrika ny hitondra. Ary satria tiany isika mba hizara Aminy, eny fa na dia ny seza Fiandrianany aza, eo amin'ny fototra mitovy ihany izay nandreseny ka mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'ny Rainy, dia tsy maintsy mandresy isika raha te hiara-hipetraka Aminy. Ary ny fijaliana kely vonjimaika handehanantsika amin'izao dia tsy mendrika ny hoharina amin'ny voninahitra lehibe izay haseho ao amintsika rehefa tonga Izy. Oh, endre izany harena miandry ireo izay vonona ny hiditra ho any amin'ny Fanjakany amin'ny alalan'ny fahoriana be.

"Aza gaga noho ny fizahan-toetra mahamay izay tsy maintsy hiatra amiareo." Izany no noalazan'i Petera manao hoe: Hafahafa ve raha tian'Andriamanitra isika mba hanana toetra tahaka an'i Kristy izay tonga amin'ny alalan'ny fijaliana? Tsia tompoko. Ary isika rehetra dia manana fitsapana. Nozahana avokoa isika rehetra, ary faizina tahaka ny zanaka. Tsy iray (zanaka) raha tsy mandeha amin'ny alalan 'izany. Ny fiangonana izay tsy mijaly, ka tsy zahana toetra, dia tsy nahazo izany-- tsy avy amin'Andriamanitra. Heb.12: 6, "Fa izay tian'i Jehovah no faiziny, ary kapohiny izay zanaka rehetra raisiny. Fa raha tsy misy famaizana ianao,izay iombonan'ny rehetra, dia zaza-sary (safiotra), fa tsy zanaka."

Ary izany toe-javatra manokana ao amin'ny Smyrna izany dia tsy maintsy ampiharina amin'ny vanim-potoana rehetra. Tsy misy vanim-potoana ho afaka amin'ny izany. Tsy misy mpino tena afaka amin'izany. Avy amin'Andriamanitra izany. Izany no sitrapon'Andriamanitra.Ilaina izany. Mila ny Tompo isika mba hampianatra antsika ny fahamarinana fa tsy maintsy hijaly isika tahaka an'i Kristy niharan'izany. "Ny fitiavana mahari-po sady malemy fanahy." Matio 5:11-12: "Sambatra hianareo, rehefa manaratsy anareo ny olona ka hanenjika anareo, ka hilaza izao zavatra ratsy rehetra izao aminareo noho ny Amiko. Mifalia sy miravoravoa, fa lehibe ny valim-pitianareo any an-danitra,fa toy izany ihany no nanenjehany ny mpaminany izay talohanareo."

Ny lanitra mandrahona sy ny oram-baratry ny fiainana dia tsy midika fa tsy mankasitraka Andriamanitra, na ny lanitra mamirapiratra sy ny rano milamina dia famantarana ny fitiavany sy ny fankasitrahany. Ny fankasitrahany ny tsirairay amintsika dia ao AMIN'ILAY MALALA ihany. Ny fitiavany dia miankina amin'ny fifidianana izay efa Nanany ho antsika talohan'ny nanorenana izao tontolo izao. Moa ve tia antsika Izy? Ah Eny. Fa Hataontsika ahoana no ahafantatra? Ho fantatsika satria IZY NO NILAZA IZANY ka nasehony fa tena tia antsika Izy satria Izy no nitondra antsika ho eo Aminy ka nanome antsika ny Fanahiny, mametraka antsika ho toy ny zanany. Ary hataoko ahoana no manaporofo ny fitiavako ho Azy? Amin'ny alalan'ny finoana ny zavatra Nolazainy, sy ny fitondra-tenako tamim-kafaliana eo anivon'ny fisedràna izay Izy ao amin'ny Fahendreny no mamela izany hitranga.

"Fantatro ny fahantranao (nefa manan-karena ianao)." Eto indray ilay izy. Jereo Izy nitsangantsangana niakatra sy nidina teo afovoan'ny Fiangonany. Tahaka ny ray Izy mijery ny fianakaviany. Izy no Lohan'ny ankohonany. Izy no mpanome. Izy no mpiaro. Kanefa Mijery ny fahantran'izy ireo Izy. Tena tafintohina ny mpino ampy fahalalana amin'izao. Nahoana Andriamanitra no mahatanty mijery ny Azy amin'ny andro mahory, ary tsy mampitsahatra izany rehetra izany-- raha mba manome tsotra izao sy mampanara-po amin'ny ny zava-drehetra ara-nofo ho azy ireo?

Eto no toerana tsy maintsy hinonao indray ny amin'ny fitiavana, sy ny hatsaran-toetra ary ny fahendren'Andriamanitra. Izany koa dia ilaina. Tsarovy fa nananatra Izy: "Aza manahy ny amin'ny ampitso, izay hohaninareo, na izay hotafinareo. Fantatry ny Rainareo ny zavatra ilainareo. Izy Ilay mampitafy ny lisy sy manome sakafo ny fody koa mainka va fa ho anareo. Ireo zavatra ara-batana ireo

dia tsy tena fototra ilaina eo amin'ny fiainanao,satria ny ain'ny olona tsy miankina amin'ny zavatra ananany.Fa kosa katsaho aloha ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany dia ho fanampiny ho anareo ny zavatra rehetra ilainareo." Ny vahoakan'Andriamanitra dia tsy ara-nofo saina. Izy ireo dia manana ny sain'i Kristy. Tsy mikatsaka ny harena izay ety ambany izy ireo;ny any ambony no katsahiny. Tena marina izany, ny ankamaroan'ny Kristiana dia TSY manan-karena. Eo amin'ny ilany mahantra no misy azy ireo. Tahaka izany tamin'ny andron'i Jesosy. Marina izany tamin'ny andron'i Paoly, ary tokony ho marina amin'izao andro izao. Oh, tsy dia marina loatra amin'izao andro izao satria ny vanim-potoana Laodikia dia iray amin'ireo harena be izay matetika ny fepetra amin'ny ara-panahy dia ny fitobasan'ny zavatra ety an-tany. Oh, izany harenan'ny fiangonana amin'ny zavatra ao aminy! Kanefa mahantra ara-panahy. "Sambatra ianareo malahelo (mahantra), fa anareo ny fanjakan'Andriamanitra. Ny fanjakan'Andriamanitra dia TSY amin'ny fihinanana sy ny zava-pisotro." Tsy ara-nofo izany. Izany dia AO anatintsika. Ny olona manan-karena dia manan-karena ao amin'Andriamanitra, fa tsy amin'ny zavatr'izao tontolo izao.

"Oh," mitaraina ny Fanahy hoe: "Hitako ny fahantranao. Hitako ny zavatra ilainao. Mbola tsy dia manana ianao na zavatra hireharehana. Izay nananao dia efa nesorina aminao. Faly ianareo nanome ny fanananareo ho takalon'ny fiainana mandrakizay. Nihomehezana ianareo, natao tsinontsinona. Tsy manana loharanon-karena ara-nofo hianteherana. Kanefa ianareo kosa dia manan-karena na dia eo aza izany rehetra izany. Ny fiarovana anareo dia miankina Aminy, Izay ampinga sy valim-pitia lehibe indrindra ho anareo. Ny fanjakanareo mbola ho avy. Fa ho avy izany. Ary ho mandrakizay izany. Eny mijery ny fitsapana sy ny loza mihatra aminareo Aho. Fantatro fa mafy tokoa ny mandeha amin'izany. Kanefa ho tsaroako izany rehetra izany rehefa hiverina Aho haka anareo mba ho Ahy, ary amin'izany no hamaliako soa anareo."

Ary ankehitriny izany dia tsy manisy olana amin'ny olona mpanan-karena satria Andriamanitra afaka mamonjy ny mpanan-karena. Ny sasany amin'ny zanak'Andriamanitra dia manan-karena. Fa ny vola dia mety ho tena fandrika, tsy ho an'ireo izay manana izany ihany, fa ho an'ireo izay tsy manana ihany koa. Tany aloha tao amin'ny vanim-potoana voalohany,nanao antso avo Jakoba ho an'ireo izay nametraka lanja manokana ireo mpanan-karena, "Aza entina amin'ny fijerena tavan'olona ny finoan'i Jesosy Kristy Tompotsika." Ny mahantra tao dia misolelaka amin'ny manan-karena mba hahazoana fanampiana, fa tsy ny fiankinana amin'Andriamanitra. "Aza manao izany,", hoy i Jakoba. "Aza manao izany. Tsy ny zava-drehetra ny vola. Tsy ny vola no valiny." Ary na amin'izao fotoana izao aza dia tsy mbola voavaliny izany. Manana harena bebe kokoa isika mihoatra noho izay mety efa nanantsika hatramin'izay, kanefa mbola kely ny vita ara-panahy. Tsy amin'ny vola no hiasan'Andriamanitra. Mihetsika amin'ny alalan'ny Fanahiny Izy. Ary izany fihetsehan'ny Fanahy izany dia ny fiainana masina ao amin'ny Teny ihany no ahatongavany.

SYNAGOGAN'I SATANA.
Apokalypsy 2: 9b. "Fantatro ny fitenenan-dratsy ataon'izay milaza ny tenany ho Jiosy kanjo tsy izy, fa synagogan'i Satana." Ity misy andininy izay mampieritreritra be, tsy noho izy ho tena miavaka ao anatiny, fa noho izy saika miverimberina ao anatin'ny vanim-potoana izay efa arivo taona tatỳ aoriana.

Apokalypsy 2: 9 "Fantatro ny asanao, sy ny fahoriana, sy ny fahantranao, (nefa manan-karena ianao), ary fantatro ny fitenenan-dratsy ataon'izay milaza ny tenany ho Jiosy, kanjo tsy izy, fa synagogan'i Satana." Voalohany ny teny hoe Jiosy, dia tsy mamaritra ny fivavahan'ny Jiosy. Tsy manondro afa-tsy ny taranak'i Joda izany, tahaka ny dikany raha hilaza aho hoe teraka Irlandey. Ireo olona ireo dia milaza fa izy ireo raha ny marina dia Jiosy, teraka Jiosy. Izy ireo dia mpandainga. Sady tsy teraka Jiosy izy ireo no tsy Jiosy amin'ny fivavahana. Raha izany rehetra izany no marina, inona ary izy ireo? Izy ireo dia olona voafitaka izay efa tao amin'ny fiangonana. Ao amin'ny voaloboka sandoka izy ireo.

Izy ireo tsy mba ao amin’ny tena fiangonana, fa ny fiangonana sandoka, satria hoy Andriamanitra "izy ireo no synagogan'i Satana." Ary ny teny hoe synagoga dia tsy mitovy ny teny ampiasaintsika ho an'ny fiangonana. Ao amin'ny Baiboly, ny dikan’ny hoe fiangonana dia "ireo nangonina", na "ireo izay nantsoina". Hoy ny mpanao Salamo momba ireo olom-boafidy ireo, "Sambatra ny olona IZAY NOFIDINAO sy AMPANATONINAO mba hanatona Anao, mba hitoetra eo an-Kianjanao." Salamo 65:4. Fa ny hevitry ny teny hoe synagoga dia "fivoriambe na fivoriana." Izany dia mety ho tsara na ratsy, fa amin'ity tranga ity dia ny ratsy, fa Ireny dia ireo izay mivory tsy mba avy amin'Andriamanitra fa ny tenany. Isaia nilaza azy ireo hoe: "Indro hiara-hiangona tokoa izy ireo, nefa TSY AVY TAMIKO: na iza na iza miara-mioko hamely anao dia ho lavo noho ny aminao." Isaia 54:15. Ary satria ireo no azo antoka fa manohitra ny tena voaloboka, Andriamanitra indray andro any dia hamely azy ireo amin'ny fandringanana.

Ary nahoana isika no manana vahoaka mifangaro ao amin'ny sehatry ny fiangonana izay miantso ny tenany ho Jiosy? Ny antony dia izao: satria izy ireo mpandainga ka afaka milaza izay tiany holazaina. Afaka miteny izay tiany izy ireo tahaka ny zavatra tena misy ary mifikitra amin’ izany. Ary amin'izany izy ireo dia mety hitoetra amin’ny hevitra mahery vaika ao an-tsainy. Moa tsy toy izany ve ny fiangonana tany am-boalohany, izay saika Jiosy avokoa raha tsy izy rehetra, ka mahatonga azy ireo ho mpikambana hatrany am-boalohany amin’ny Tenany? Ary ny roa ambin'ny folo Apostoly dia Jiosy, ary ny apostoly tatỳ aoriana, na Jiosy na proselyta. Noho izany ho an'ny olona mianiana fa Jiosy dia izy ireo dia mahatonga azy ho ambony ary milaza ny firazanany. Milaza lainga. Mifikitra amin’izany. Tsy mampaninona ny tantara sy ny marina. Lazao fontsiny izany ary ambarao foana amin’ny vahoaka, ary tsy ela ny olona dia hahazo izany.

Ankehitriny misy zavatra azonao ve amin’izany? Tsy fanahy mitovy ihany ve no ao amin'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao? Tsy misy vondrona izay milaza ve fa izy ireo no tany am-boalohany sy fiangonana marina ary ny famonjena dia ao aminy ihany no ahitana azy? Tsy milaza ve izy ireo fa manana ny fanalahidin'ny fanjakana izay noraisiny tamin'i Petera? Tsy milaza ve izy ireo fa i Petera no papa voalohany, ary izy dia nonina tany Roma, kanefa TSY MISY TENA TANTARA MARINA MOMBA IZANY? Eny fa na dia ny tena nahita fianarana sy mpivavaka mahalala ao aminy aza dia mino ny laingany. Synagogan’i Satana! Ary raha Satana no rainy, ary izy no rain'ny lainga, dia tsy mahagaga raha ireo ao amin'ny synagogany dia mpandainga avokoa.

Diniho ny eritreritra miteny ratsy an’Andriamanitra. Ireo izay ao amin’ny synagogan’i Satana dia tsy mba niteny ratsy an'Andriamanitra amin'ity ohatra ity (na dia tsy lazaina aza), fa izy ireo dia niteny ratsy ny fiangonana marina.Marina izany. Tahaka an'i Kaina nanenjika sy namono an'i Abela, satria izy (Kaina) dia avy tamin'ilay ratsy, ary tahaka ireo mpanaraka ny Jodaika izay maty (Hoy i Jesosy, izy ireo dia ny devoly no rainy) niezaka hamotika ny Kristiana tamin'ny taona vitsivitsy voalohany tao amin’ny vanim-potoana voalohany, ankehitriny ity vondrona ity (voaloboka sandoka) dia vao mainka miezaka mafy handrava ny mpino marina ao amin'ny vanim-potoana faharoa. Izany fanahin’ny antikristy izany dia nitombo.

Ny vondrona izay nikisakisaka nanao ny lalany miadana tao am-piangonana tamin’ny ASANY (Nikolaita) dia tsy matahotra ny miharihary intsony fa niseho ho voalamina ao amin'ny vondrona misy ny mpikambana ao aminy, ary nanohitra ny Fiangonana marina teo amin'ny fankahalana mivantana.

Ary raha milaza aho fa izany dia fikambanan’ny fiangonan’ny antikristy, izay omeko anareo ny fahamarinany avy amin’ny tantara marina. Ny fiangonana voalohany naorina tany Roma (hofaritantsika ny tantarany ao amin'ny Vanim-Potoana Pergamosy) dia efa namily ny fahamarinan'Andriamanitra ho

lainga amin'ny alalan'ny fampidirana ny fivavahan’ny mpanompo sampy mitondra anarana Kristiana sy ny heviny. Tamin’ny vanim-potoana faharoa izany dia tena tafiditra lalina tamin’ny fanopoantsampy (na dia milaza ny tenany ho tena ny fiangonana marina aza izy) ka tonga Polycarpe niala 1500 kilaometatra nisy azy, eo amin'ny tena fahanterana mba hiangavy azy ireo hiverina indray.Izy ireo tsy nanao izany. Nanana antana-tohatra sy fikambanana mafy orina izy ireo, ary fandehanana mivoaka tanteraka amin’ny Teny. Io izany no synagogan’ i Satana, feno ny fitenenan-dratsy an’Andriamanitra, izay efa ao aminy ny voa-pampianarana ny amin'ny Nikolaita, ary mety ho tonga atsy ho atsy ho tena seza sy herin'ny fivavahana amin’i Satana. Ary izany dia tena marina satria ny Apokalypsy 2:9b TSY milaza fa ireo olona ireo dia AVY AMIN’NY synagogan’i Satana, fa izy ireo no SYNAGOGAN’I SATANA.

Io fanahin'ny antikristy io dia tsy zava-baovao. Tsy zavatra vao tonga tao amin’ny vanim-potoanan’ny fiangonana io. Efa teny ampandehanana teny foana io. Mba ahazoana mazava tsara ny fomba fiasan'izy io, ny fomba fandehanany manohitra an'Andriamanitra sy naka fahefana ao am-piangonana, jereo ny Testamenta Taloha, ary hahita izany ao ianao. Andeha isika handinika an’io fanahy io araka izay niseho teo amin'ny Israely raha vao nivoaka avy tany Egypta izy ireo mba ho tonga fiangonana tany an-efitra.

Toy ny fiangonana tany am-boalohany nanomboka teo ambanin’ny asa fanompoana marin’ny Fanahy Masina tamin'ny famantarana sy ny fahagagana ary ny fisehoana toy ny faminaniana, ny fiteny samy hafa,ary ny fandikana izany, ny fahendrena, ny fahalalana sy ny fanasitranana, izany tamin'ny andron'i Israely, rehefa niala tany Egypta izy ireo, dia teo ambanin'ny fitarihan'ny Fanahin'Andriamanitra miseho amin’ny fanomezam-pahasoavana. Andriamanitra no mpitarika ny olona. Ny tena marina dia Izy no Mpanjakan’izy ireo. Izy no Ray Mpanjaka. Nikarakara ny Israely Izy toy ny olona mikarakara ny fianakaviany. Namahana azy ireo Izy, niady ny adiny,nandamina ny olana nisy tao aminy sy namaha izany. Sahirana tamin’izy ireo Izy. Izy ireo no hany firenena izay tena manao Azy ho Andriamanitra. Indray andro anefa dia nijery manodidina izy ireo, ary dia nahita ny Filistina sy ny firenena hafa niaraka tamin'ny mpanjakany avy. Nahasarika ny mason’izy ireo izany, ary dia nanapa-kevitra fa tokony hanana olombelona mpitarika izy ireo, noho izany dia mpanjaka no tadiavin’izy ireo. Ary ankehitriny Andriamanitra dia handeha hanome olona hitarika, dia ny Tenany, ao amin'ny Olona Jesosy Kristy Tompo, nefa izy ireo nandeha nialoha Azy. Fantatr'i Satana ny drafitr’Andriamanitra ka nataony tao am-pon'ny olona ny fandehanana mialoha an'Andriamanitra (ny Teny).

Rehefa nanatona an’i Samoela izy ireo ka nangataka mpanjaka, Samoela dia nivadi-po ka saika diso fanantenana tanteraka. Andriamanitra efa nitarika ny vahoakany amin'ny alalan'io mpaminany voatokana io, voamarin’ny Soratra Masina kanefa izy dia nahatsapa fa efa nolavina. Namory ny olona izy sy nitalaho tamin'izy ireo mba tsy hiala amin’ilay Andriamanitra izay nitondra azy toy ny zanany, sady nanambina azy ireo ary nitso-drano azy. Nikiry biby anefa izy ireo. Dia hoy ireo tamin’i Samoela. “Tsy mbola diso ianao teo amin'ny fitarihanao. Hianao tsy mba nikiliolio teo amin'ny resaka ara-bola. Efa nanao ny tsara indrindra ho anay ianao mba hanarahanay mahitsy ny Tenin'ny Tompo. Isika dia mankasitraka ny fahagagana, ny fahendrena, fandaharana sy ny fiarovana avy amin'Andriamanitra. Mino isika fa izany. Tia an’izany isika. Ary koa tsy tiantsika raha tsy misy azy. Ny tiantsika dia ny hanana mpanjaka mba hitarika antsika mba hiady. Ary mazava ho azy fa rehefa handeha hiady isika dia mbola ao ny fikasana handeha any amin’ny mpisorona hialoha lalana an’i Joda izay manaraka ao afara, ary dia hitsoka ny trompetra sy hifaly ary hihira isika. Tsy mikasa ny hanakana na dia iray akory amin’izany isika. KANEFA ISIKA MILA MPANJAKA, ILAY ANANKIRAY AMINTSIKA MBA HITARIKA ANTSIKA.” Ary hoy Andriamanitra tamin'i Samoela. “Indro, dia tsy nandà anao izy ireo, fa izy ireo efa nahafoy AHY ho mpanapaka azy ireo.”

Tena mampalahelo izany. Kely ny fahatsapan’izy ireo fa rehefa nangataka tamin'Andriamanitra izy ireo

mba hamela azy ireo ho tahaka ny sasany amin'izao tontolo izao, dia mandà Azy izany, satria Andriamanitra efa nanendry fa ny Olony hanao zavatra hafa noho ny an'izao tontolo izao. Izy ireo tsy naman'izao tontolo izao, ary tsy tahaka an'izao tontolo izao izy ireo, ary tsy manao ny fanaon'izao tontolo izao. Voahombo tamin'ny hazo fijaliana izy ireo ho an'izao tontolo izao ary izao tontolo izao dia voahombo tamin'ny hazo fijaliana ho azy ireo. II Korintiana 6:17-18: "Koa mivoaha eo aminy ianareo, ka misaraha aminy, hoy ny Tompo, Ary aza mikasika zavatra tsy madio, ary Izaho handray anareo, Ary ho Rainareo Aho, ary ianareo ho Zanako-lahy sy Zanako vavy, hoy ny Tompo Tsitoha."

Hitanareo izay, ny maha samihafa ny Israely sy ny sisa amin'ny firenena dia Andriamanitra. Ataovy eo amin'ny ilany Andriamanitra dia ho tahaka ny firenena hafa rehetra Israely. Rehefa nanapaka ny volony Samson dia toy ny olon-kafa rehetra. Esory ny fitarihan'ny Fanahy Masina, ny fiangonana dia tsy inona fa IZAO TONTOLO IZAO MANANA NY ANARAN'ANDRIAMANITRA MIARAKA AMINY. Izao tontolo izao sy ny fiangonana dia avy amin'ny vongana iray ihany, tahaka an'i Jakoba sy Esao dia avy amin'ny ray aman-dreny iray ihany, fa ny Fanahin'Andriamanitra no maha samihafa azy.

Tsy maninona ianao raha miantso ny tenanao ho Kristiana. Na iza na iza dia afaka manao izany. Ny teboka dia na ianao manana na tsia ny Fanahin'Andriamanitra ao anatinao, satria raha tsy misy izany Fanahy izany dia mpioko; Tsy Azy ianao. Amen.

Tsy ela akory aho loatra izay dia nanontany vehivavy iray raha toa izy ka Kristiana. Ary hoy izy tamiko: "Tiako ho fantatrao tompoko, fa izaho dia mandrehitra labozia isaky ny alina." Inona no hifandraisan'izany? Izaho Metodista, Batista aho, Pentekotista aho. Tsy misy zavatra ifandraisany amin'izany, fa na ny Fanahy Masina, na maty.

Eny nanomboka tany aloha tao amin'ny fiangonana voalohany ny olona niasa saina sy niady hevitra momban'ny fitomboana eo amin'Andriamanitra. Ny asan'ny Nikolaita dia nanomboka nampiseho ny momba azy. Avy eo dia nisy vondrona niforona. Nihataka niala tamin'ny fomban'ny Teny izy ireo. Teny iray monja no niova dia ilay masirasira kely nampiakatra ny vongana rehetra. Izay mandika amin'ny ny lalàna iray dia meloka amin'izy rehetra.Tahaka an'i Eva nanova teny iray. Izany no nanao izany.

Ary rehefa niforona izany vondrona teo anivon'i Satana izany, dia nanomboka nankahala sy niady tamin'ny tena mpino marina, nanizingizina fa izy ireo (ny vahiny) no fiangonan'Andriamanitra.

Mariho ny fomba hisehoan'ny fankalahana ao anaty fikambanana. Manimba firaisana. Izany no mahatonga ny mangidy. Izany no dikan'ny hoe miora. Izany no feno tao amin' i Smyrna. Faka-mangidy iray mandoto ny maro. Ary dia nitombo ny fahalotoana tonga tao. Ny vanim-potoana rehetra nahatsapa ny olatra nentiny.

Ny fiangonana tao Smyrna dia nihataka lavitra niala ny tany am-boalohany. Ary efa lasa mifangaro. Ary efa nanafangaro ny tenany tahaka ny nataon'i Eva. Fantatrareo fa ny mifangaro dia avy amin'ny fampifangaroana karazana roa. Ny vokany dia tsy madio toy ny tany am-boalohany intsony. Izany dia safiotra. Eny ary, i Eva rehefa namela ny bibidia mba hanafangaro ny taranany tamin'ny azy dia namoaka zavaboary atao hoe Kaina izay tsy tena olombelona. Avy tamin'ILAY RATSY izy. Jereo fa samy hafa izy sy Abela. Mariho ny fomba maha samy hafa azy amin'i Seta. Nankahala an'Andriamanitra izy ary tsy nety nankatò ny Teny ka nanenjika sy namono ny olo-marina. Nanendry ny tenany ho ambony noho ny Tenin'Andriamanitra izy.

Ny fiangonana ihany koa dia niala tamin'ny maha-izy azy tany am-boalohany. Izy dia mifangaro. Izany

hoe ny anaram-piangonana dia mifangaro. Hoy ny olona hoe: "Izaho Batista." Tsy mba toy izany tany am-piandohana. "Izaho Metodista." Tsy mba toy izany tany am-piandohana. Raha tokony ho ny Tenin'Andriamanitra mahitsy sy ny olona feno fanahy ao am-piangonana izay tarihin'ny Fanahy-manome fanambaràna, dia ny fanekem-pinoana no misy, ary ny lalàna, sy ny vinavinan'ireo olona nahita fianarana. Ny fianarana no naka ny toeranan'ny fanambaràna. Ny fihevetry ny saina no nisolo ny finoana. Programa no nanolo tampoka ny fiderana ao amin'ny Fanahy Masina. Tsy mba toy izany hatrany am-piandohana. Niova daholo ny rehetra. Efa lasa fiangonana safiotra.

Koa ankehitriny, raha ny fiangonana lasa nifangaro, hamokatra Kristiana tena izy ve? Tsy afaka. Ny fiainana na ny voa izay mitondra ny Kristiana ho teraka tsy ao aminy. Ny mitovy no miteraka ny mitovy aminy. Ny Batista hiteraka Batista bebe kokoa ka hanao toy ny Batista. Metodista hiteraka Metodista ary manao toy ireo metodista, sns.... Tsy misy fantatry ny herin'Andriamanitra izy ireo na dia iray aza ary tsy mety ho izany satria tsy ao izany. Izy ireo fantatra araka ny fombafomba fivavahany amin'Andriamanitra sy ny fanekem-pinoany ary ny foto-pinoany.

Miresaha momba ny hoe mifangaro. Fantatrao ve ny tena mifangaro malaza indrindra eto an-tany? Efa teto amintsika foana izany nandritra ny taona maro, dia ny ampondra. Izy dia fikambanan'ny boriky sy ny soavaly. Karazana biby mahatsikaiky izy. Tsy afaka miteraka ny tenany. Tsy manana fiainana ahafahana manao izany izy. Kanefa raha ny asa no resahina. Mahavita lavitra noho ny soavaly sy ny ampondra izy. Fa jereo ny toetrany. Mafy loha izy ary tsy azo hitokisana na oviana na oviana. Izy no sary tonga lafatra ho an'ny fivavahana safiotra. Fifangaroana eo amin'ny fahamarinana sy ny fahamaizinana, satria ny soavaly dia tandindon'ny tena mpino fa ny boriky kosa tandindon'ny tsy marina. Afangaroy ireo dia mahazo fivavahana ofisialy tsy mamokatra ianao. Tsy manana ny voa ny fiainana izy. Maty. Afaka miresaka momba ny fahamarinana izy, kanefa tsy afaka mamokatra izany. Tsy manana an'Andriamanitra ao anivony izy, kanefa miara-miangona sy miresaka momba an'Andriamanitra, ary amin'izany dia lasa mandà ny heriny ho azy. Handà ny Teny ao amin'ilay tena Anaran'ny Tompo izy ireo. Ary tsy misy fanantenana ny amin'izy ireo. Fantatrao ve fa tsy mbola nisy fiangonana voalamina nanana fifohazam-panahy? Na oviana na oviana! Raha vao manao fikambanana (mandamina) izy ireo dia maty. Tsy afaka ny hiverina izy ireo. Tsia tompoko. Afaka mampiseho anao amin'izany karazana izany aho ao amin'ny Eksodosy 13:13 izay manao hoe: "Ary ny voalohan-teraky ny boriky dia ho soloanao zanak'ondry; fa raha tsy hanolo azy ianao, dia ho vakinao ny vozony; ary ny lahimatoa rehetra amin'ny olona eo amin'ny zanakao dia havotanao." Jereo, ny boriky azo avotana. Ny mpanota mahantra rehetra afaka avotan'ny ràn'i Jesosy Kristy natao sorona, na amin'ny fandavana an'i Kristy dia nandà ny tenany. Fa ny ampondra tsy avotana. Tsy misy fanavotana ho azy. Tsy misy rà ho azy. Tsy misy satria ny ampondra mialokaloka ao amin'ny fiangonana raha ny boriky mialoka ao ambanin'ny rà. Ny ampondra tsy manana "voa" ao aminy izay afaka ho velomina, fa ny boriky manana voa.

Nahoana, vao herinandro vitsy lasa izay dia namaky lahatsoratra iray aho. Eny izany dia lahatsoratra iray navoakan'ny mpandraharaha iray mbola tsy voavonjy; fa tsy tamin'ny Kristiana. Nolazainy fa talanjona izy ny amin'ny fiangonana. Tsy azony ny amin'izy ireo. Manana mpampianatra seminera izy ireo izay nampianatra ny Tenin'Andriamanitra, mba handrava izany. Koa izany lehilahy izany dia tsy nahazo ny amin'izany.Nanafintohina azy izany. Nilaza izy fa afaka hahatakatra ny tsy mino an'Andriamanitra na ny kaominista, na olo-tsotra mieritreritra, na ny olon-kafa mpandinika hanao izany. Fa raha ny fiangonana mihitsy no mandrava ny Tenin'Andriamanitra dia tsy misy hafa amin'ny vono olona efa nomanina. IO NY NY FIVAVAHANA MIFANGARONAREO. MIFOHAZA RY AMERIKA DIENY MBOLA TSY TARA LOATRA.

Rehefa miala amin'ny Teny ny Fiangonana dia hinony daholo na inona na inona. Tahaka an'i Eva.

Rehefa teraka i Kaina dia hoy izy: "Efa nahazo zazalahy avy amin'ny Tompo aho." Moa tsapanao ve ankehitriny fa tena izany no tiany nolazaina? Nihevitra izy fa nahazo lehilahy avy amin'ny Tompo. Hitanareo, raha vao voafitaka indray mandeha izy ka nandray ny tenin'i Satana fa tsy ny Tenin'Andriamanitra, dia noheveriny fa na inona na inona nolazainy dia marina. Raha hoy izy hoe nahazo lehilahy avy amin'Andriamanitra aho, dia nahazo lehilahy avy amin'Andriamanitra izy izany. Fa saingy Andriamanitra efa nametraka lalàna ny amin'izao Tontolony rehetra izao. Ny voa tsara dia voa tsara ihany no afaka avoakany, ary ny voa ratsy dia ny voa ratsy ihany no afaka avoakany. Ankehitriny ary,ireo voa ireo na dia samihafa aza dia samy mampiasa tany mitovy, sakafo, hamandoana,tara-masoandro, fa kosa miteraka araka ny karazany ihany. Mariho ny tantaran'ny taranak'i Kaina. Mariho ny tantaran'ny taranak'i Seta. Iray ihany no maha samy hafa azy ireo-- ilay voa tany am-boalohany. Tsy misy zavatra hafa.

Raha jerena akaiky ity tenin'i Eva ity dia ho tsikaritrao fa manana fahendrena mihoatra nohon'ny fahatsapan'ny ankamaroan'ny olona izy. Tsy nanao ny zanany hoe avy amin'i Satana satria izany dia mahatonga azy hitovy amin'Andriamanitra. Andriamanitra irery ihany no afaka hamorona ny atody tao an-kibon'i Maria. Satana tsy afaka manao izany. Fantatr'i Eva izany.Mamadika ihany no afaka ataon'i satana, ka dia namitaka azy tamin'ny voa ratsy izy. Izany dia ilay voa (taranaka) menarana izay namoaka an'i Kaina. Voa tao amin'i Adama no namoaka an'i Abel sy Seta. Ireo voa ireo dia nandeha tamin'ny dingana mitovy, fa ny zaza no samy hafa satria samy hafa ny voa niaviany.

Nino izy fa Kaina dia avy amin'Andriamanitra. Nekeny ny laingan'ny devoly ho toy ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra. Izany indrindra no ananantsika ankehitriny. Fiangonana mitsangana ho toy ny loharanon'ny marina, fa ny marina tsy ao aminy; kanefa ny naterany dia mianiana aminy, ary dia hamono mihitsy aza mba hanohanana ny fahadisoany.

Raha mihevitra ianao fa fanitaran-dresaka izany dia vakio daholo ny II Timoty toko faha-3 sy ny andininy dimy voalohany ao amin'ny toko fahefatra. II Timoty 4:1-5 "Eo anatrehan'Andriamanitra sy Kristy Jesosy, Izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny amin'ny fisehoany sy ny fanjakany, no andefasako anao, mitoria ny teny, mivonona, na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana, mandrese lahatra, mamporisiha, mananara mafy amin'ny faharetana sy ny fampianarana. Fa ho avy ny andro izay tsy hahazakan'ny olona ny fampianarana tsy misy kilema; fa hangidihidy sofina izy, dia hamory mpampianatra ho azy araka ny filany; ary hampiala ny sofiny amin'ny teny marina tokoa izy ka hivily ho amin'ny anganongano. Fa ianao kosa mahonona tena amin'ny zavatra rehetra, miareta fahoriana, ataovy ny asan'ny evanjelista, tanteraho ny fanompoanao."

Rehefa namela ny tenany hiala amin'ny tany am-boalohany ny fiangonana, toa an'i Adama sy Eva dia tonga ny fahafatesana.
Tsy nisy hery intsony tao aminy. Efa lasa ratsy endrika izy. Ny fotoana nifindran'ny fiangonana ho amin'ny endrika sy ny lanonana, ary mirona any amin'ny fisoronana amin'ny alalan'ny fikarakarana ireo mpanao fanompoam-pivavahana ho vondrona izay manendry ny mpitarika ankoatra ny Fanahy Masina sy ny Teniny, fa tamin'izany fotoana izany indrindra no nidiran'ny fahafatesana ka nanomboka narary izy, ary raha narary izy dia niova ho vondrona tsy manan-kery izay ny hany fitaovam-piadiany dia ny fanoherana. Tsy afaka mamokatra na inona na inona ao amin'ny Fanahy izy satria ny fanantenana dia naorina tamin'ny lamin'asa fa tsy ny finoana ao amin'ny Teniny. Namafy lamin'asa izy ireo ka nijinja lamin'asa.Namafy ny famadihana ny fahamarinana ka mijinja zanaky ny tsy fahamarinana.

Ianao sahy manova ny amin'Andriamanitra ka hijinja tsara izay nampidiranao. Ny olona tokony hianatra izany avy amin'ny zavaboary. Efa nosimbaina ny natiora. Efa nampidirany tao amin'ny natiora

ny heviny ka nandaminany indray ny molekiola, sns… nefa ankehitriny izy ireo dia mijinja tafio-drivotra. Jereo fotsiny ny fomba niompiany ny akoho. Tena mamokatra be ka lasa milina ao amin'ny tenany. Tsy tsara atao sakafo intsony, ary matsatso tsy misy tsirony. Nampidiran'izy ireo zavatra tao amin'ny hena hohanintsika ka noho izany ny vatan'olombelona dia niova ka ny vehivavy lasa teritery kokoa eo amin'ny andilana, ary midadasika ny sorony; ary ny lehilahy dia mahazo ny mifanohitra amin'izany. Ankehitriny raha manao adalàna amin'ny natiora ianao ka hahazo endrika ratsy sy fahadisoam-panantenana, dia inona no hitranga raha ny marina no ovaina ho lainga? Ny valiny dia, hiteraka ny antikristy ianao, rafitra fivavahana tsy matahotra an'Andriamanitra izay tena efa novàna izany ka tsy hamokatra na tahaka ny nataon'ny tany am-boalohany. Ny hany hamalian'Andriamanitra ny toe-javatra toy izany dia ny farihy afo.

Io Vanim-potoana Smyrna mahantra io dia niha-maty. Rehefa maty izy dia tsy niverina intsony. Tsy mbola nisy vanim-potoana niverina. Tsy mbola nisy fifohazam-panahy niverina. Tsy afaka ny hanana ny fiainanan'Andriamanitra ao anatiny izy amin'ny alalan'ny taranaka voajanahary. Mitaky ny fahaterahana avy any ambony izany.Ity vanim-potoana farany ity dia nanomboka tamin'ny afon'ny fifohazam-panahy Pantekosta ary dia nataon'izy ireo ho fikambanana izany. Raha tokony ho nandray ny Teny izy ireo dia ny heviny manokana no noraisiny, ary nanao toa an'ireo vanim-potoana rehetra sasany- nanolo ny boky ho an'ny Teny. Mialà fontsiny anie amin' izany boky izany dia ho hitanao izay hitranga. Any ivelany ianao rahalahy. Ary izy ireo hanenjika anao ary hanome tsiny an'Andriamanitra. Ary akory ny fitiavany izany fikambanany izany. Tsy mahagaga. Izy ireo no taranaka faharoan'ny Pantekosta, ary satria Andriamanitra tsy manana zafikely, noho izany izy ireo dia zanaky ny razany fotsiny ihany, fantatra amin'ny fanekem-pinoany sy ny endriky ny fivavahany. Afaka miresaka momba ny zavatra taloha nisy izy, nefa tsy afaka mamokatra izany. Taloha izy ireo dia nanana ny tselatra fa ny sisa tavela dia kotrokorana. Fa aoka izy ireo hiresaka aminao momba ny voninahitry ny hetsik'izy ireo. Izy ireo hanao hoe: "Eny tompoko, tiako ho fantatrareo fa izao hetsika izao dia tsy nisy olona nanomboka. Tonga tampoka izy io. Ny Fanahy nilatsaka manerana izao tontolo izao. Eny tompoko, nahazo ny zavatra nananan'ireo tao amin'ny Pantekosta izahay. Tsy avy amin'ny ny olona fa avy amin'Andriamanitra." DIA NAHOANA ARY IZY IREO NO TSY NIHAZONA AZY TOY IZANY? RAHA ANDRIAMANITRA NO NANOMBOKA IZANY, NAHOANA NO TSY NAROVANY SY NOVITAINY? Raha tsy nanoratra boky toro-lalana Andriamanitra momba ny fanekem-pinoana sy sy ny rijan-teny voaravona ary foto-pinoana hanombohana izany, dia alalana avy aiza no tsy maintsy nanaovan'izy ireo an' izany? Andriamanitra nandrotsaka ny Fanahiny tamin'ny Batista, ny Metôdista, ny Nazareana, Advantista, Presbiteriana, Rahalahy, Fiangonan'Andriamanitra (sy ny maro toy izany) sns… Ireo rahalahy rehetra ireo dia notezaina tamin'ny fampianarana samy hafa, lalàna, bokim-piangonana sns…Nailik'Andriamanitra ho amin'ny lafiny iray izy rehetra; Namono ny teorian'izy ireo momba ny fandaminana ara-panahy ny amin'izao tontolo izao, ary namerina tamin'ny laoniny ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy, manaporofo fa Izy no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay. Fa ireo Pentekotista ireo ve nahazo lesona momba ny fikambanana? Tsia tompoko. Nanao fikambanana izy tany aloha ary nanoratra boky ho azy manokana,amin'ny lalàna sy bokim- piangonana, bokin'ny mpikambana, sns… amin'ny hevitra iray ao an-tsaina, izay mba hanaporofoana fa izy ireo dia manana ny marina rehetra ankehitriny, mahafantatra ny valiny rehetra, ary noho izany dia ny voafidin 'Andriamanitra izay mahafantatra ny lalana ary afaka maneho izany amin'ny hafa ho toy ny mpitarika voatendrin'Andriamanitra. Nefa izy ireo tsy nahazo izany. Efa nanafangaro ny tenany toy ilay vondrona nivoahany tany. Raha ho eo amin'ny ampakarina izy ireo dia tsy maintsy mivoaka toy ny nataon'ireo razambeny.

Izy ireo tahaka ny sisa rehetra ihany. Vita ny fifohazam-panahy. Te hivelona amin'ny anarana iray izy ireo sady maty. Fikambanana no noraisiny kanefa dia miresaka momba ny Fanahin'Andriamanitra ihany izy. Miresaka momban'ny fisehon'ny Fanahy Masina izy ireo. Fa saingy adinony fa ny devoly

koa afaka miresaka amin'ny fiteny tsy fantatra. Ny fikorontananan’i Babela no eo aminy ka antsoiny hoe ny Fanahin'Andriamanitra. Averina indray fa mahita olona milaza an'Andriamanitra, isika fa tsy Andriamanitra milaza ny olona.

Ary mety maniry ny hibedy ahy eto ny amin’izay voalazako ianareo. Tsara izany. Izy ireo milaza ny tenany ho Pantekotista sy Feno ny Filazantsara. Aoka izy ireo hanaporofo izany. Tamin'ny Pentekosta dia nisy afo teo amin'ny rahona, ary nizara teo amin’ny tsirairay toy ny lelal’afo, ka nilatsaka tamin'ny tsirairay. Aiza ny afo? Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo tamin'ny Pantekosta, ary ny olona izay nihaino nahatakatra. Aiza izany? Ny olona mpino rehetra nanao tahaka ny fianakaviana iray. Ny Pantekôtista dia tena nitokana tahaka ny vondron'olona rehetra teo amin'ny tantara. Tsy misy olona sahy niray tamin'ny fiangonana tany am-boalohany satria Andriamanitra irery ihany no nanampy. Nanana osy maro izy ireo teo anivony tahaka ny hafa. Milaza izy ireo fa feno ny Filazantsara nefa tsy afaka manaporofo izany. Ny fiangonany dia toa foana tsy misy hery tahaka ny hafa. Raha toa izy ireo ka feno Filazantsara dia afaka hilaza isika fa diso ny Baiboly mamaritra ny olona feno ny Filazantsara tao amin’ny Pantekosta. Mihira ireo, "Misy fiovàna lehibe ao anatiko." Marina ny azy ireo. Saingy ilay fiovàna dia tsy ho amin'ny tsaratsara kokoa. Fotoana hiverenana amin'Andriamanitra izao. Nanana anarana izy nivelomany kanefa maty ihany. Ny fitenenana amin’ny fiteny tsy fantatra dia tsy porofon’ny fifohazam-panahy. Izany dia porofon’ny fahafatesana.Ny teny tsy fantatra nanambara fa ny fombafomba fivavahanan’ny Jiosy dia tapitra, fa vanim-potoana vaovao no nanomboka. Ny fiteny tsy fantatra amin'izao andro izao dia manapitra ny taom-piangonan’ny Jentilisa, ary ny filazantsara dia miverina any amin'ny Jiosy. Ny olona miresaka momba ny fiteny tsy fantatra, manambara hoe hetsika ara-panahy lehibe. Tara sambo izy ireo. Ny marina dia io no manoratra ny fahataperan’ny hevitr’olombelona, lamin’asa sy fanjakana, ary ny fanjakan'Andriamanitra efa hampidirina ao. Mifohaza ry olon'Andriamanitra. Mifohaza.

Raha toa ka mihevitra ianao fa tsy marina izany dia henoy izao. Manerana izao tontolo izao ao amin’ny Pantekotista sy ireo vondrona fototra, izy ireo manao fikambanana mpandraharaha. Niakarany ny pilipitra kanefa tsy nisy antso avy amin'Andriamanitra. Nanao ny tenany ho mpanarato olona sy mpanorina ny hetsik'Andriamanitra izy ireo, ka nilaza fa ny fanomezam-pahasoavana tamin’ny asa fanompoana ao amin’ny Efesiana 4:10-13 izay nomen'Andriamanitra ny fiangonana dia tsy nahomby, ka dia mandray an-tanana izy ireo. Eto ary isika dia eo afovoan'ny fahatanterahan'ny faminaniana, izay atao hoe ny fanoheran’i Kora, ka tsy mahalala akory izy ireo fa manantanteraka izany. Manohy mitory ny traikefa mba ho fahamarinana amim-pahajambana izy ireo. Enga anie Andriamanitra hamindrà fo amin’izy ireo. Enga anie ny masony ka hisokatra dieny mbola tsy diso aoriana loatra. Oh, mihainoa ahy. Oviana ny laza ara-bola, fitarihana ara-tsosialy, fahaizana raharaham-barotra, na hakingan'olombelona ara-tsaina no mameno ny fepetra ara-panahin’ny olona mba ho mpitarika, na manome lanja ny Tenin'Andriamanitra? Ary ny fomba rehetra ara-nofo na fahamendrehan’olombelona manomboka miseho amin’ny haino aman-jery no iasan’Andriamanitra afa-tsy amin’ny alalan’ny Fanahy Masina IHANY, dia miady amin'Andriamanitra isika, tsy ho Azy.

Ary tiako izany ho eo amin'ny rakitsoratra eto. Izaho dia tsy miresaka manohitra anti-panahy ao am-piangonana. Tsia tompoko. Ary izany anti-panahy izany dia mety mampalahelo tahaka ny olona rehetra mampalahelo, na ho olona manan-karena indrindra eto amin'izao tontolo izao raha mbola izy koa no anti-panahy ao am-po sy amin’ny asa. Tsy hisalasala aho hanokana lehilahy izay manana ny tena traikefa Ara-panahy ho loholona na diakona na inona na inona fananany ara-bola na toerana ara-tsosialy.Fa rehefa mahita rafitra ara-bola na ara-tsosialy isika ao anaty fiangonana, izany dia mampizara ny olona ihany koa -tsy avy amin’Andriamanitra izany. Izany dia famantarana iray hafa ny amin’ny fotoana momba ity manan-karena ara-nofo ity, nefa Vanim-potoana Laodikia mahantra ara-panahy izay hiainantsika ankehitriny.

"Fantatro ny fahantranao." Voamarikao ve fa ny fahantran'izy ireo dia mifandray amin'ny synagogan'i Satana ao amin'izany andininy izany ihany? Eny,io dia ny fikambanana mahery manan-karena ary manosika mandrakariva ny olona mahantra (kely) izay manompo an'Andriamanitra. Rehefa mihetsika ao ampon'ny olona ny Fanahin'Andriamanitra, iza no mandao ny trano sy ny toerana? Ireo ondry vitsy foana no mivoaka miala amin'ny fikambanana lehibe. Ary aiza ny olona no mandeha? Ao amin'ny tokantrano izy ireo no mivavaka, trano fivarotana taloha, sy lakaly, toy ny nataon'izy ireo tamin'ny nandehanany tany ambanin'ny tany (catacombs). Ireo olona ireo dia mahantra eo anatrehan'ny fananan'izao tontolo izao. Tokoa. Fa manan-karena izy ireo amin'ny Fanahy.

"Fantatro ny fitenenan-dratsy ataony." Ankehitriny dia tsy ny fiheverana eto fa ireo mpandainga ireo dia niteny ratsy an'Andriamanitra, na dia tsy lazaina aza izany. Fa izy ireo dia niteny ratsy ny Fiangonana marina. Toy izany foana. Ny Jiosy tany Jerosalema niteny ratsy ny fiangonana tany ampiandohana. Ny hafa firenena mpino andriamanin-kafa nanao toy izany koa. Raha misy ho ratsy laza, dia mandrakariva ny voa marina. Tamin'ny andron'i Nero ny Kristianina dia nomen- tsiny tamin'ny loza rehetra - eny fa na dia ny fandoroana an'i Roma aza. Any amin'ny firenena kominista,ny ondry vitsy foana no voalohany ripaka na dia tena tsy misy dikany aza ny habeny. Na dia olona tsara sy tsy mivadika aza ny Kristiana, izay ny tsara ihany no ataony, dia ho henjehina mandrakariva hatramin'ny farany mba ho ringana ara-batana.

Ny antony izany dia izao, satria izy ireo tsy tian'ny tsy mino. Toy ny ankihibe misy fery no hijoroan'izy ireo eo anoloan'ny ratsy fanahy. Ary na dia tsy mikasa ny handratra ny ratsy fanahy aza ireo olo-marina, fa tsy te-hanao afa-tsy ny tsara,amin'ny fomba rehetra dia ampidirina tahaka an'i Jaona Mpanao Batisa tamin'i Heroda. Fa Jaona tsy te hanisy ratsy an'i Heroda,na ny vadiny, fa mba hamonjy azy ireo amin'ny fahatezeran'ny Andriamanitra. Tsy vitan'ny hoe diso fontsiny ny fandraisana izany sy notoherina, fa novonoina ho faty noho izany Jaona. Ary amin'ny vahoakan'Andriamanitra tsara rehetra, dia mbola manao fanalambaraka ampahibemaso sy amin'ny fahafatesana. Azo antoka fa tsy maintsy misy hery ratsy tao ambadiky ny olona izay tsy nanana ny feon'ny fieritreretana fa izy ireo dia mamaly ratsy ireo izay nanao soa azy. Eny, misy izany hery izany. Satana izany. Ny valiny dia mitoetra ao amin'ny andininy manaraka.

FOLO TAONAN' NY FAHORIANA.
Apokalypsy 2:10 "Aza matahotra izay efa hiaretanao; indro, ny devoly efa hanao ny sasany aminareo ao an-tranomaizina, mba ho voazaha toetra ianareo, ary hanam-pahoriana hafoloana. Aoka ho mahatoky hatramin'ny fahafatesana ianao, dia homeko anao ny satro-boninahitra fiainana."

Mampiasa ireo teny ireo foana ny Tompo, "Aza matahotra," misy firotsahana efa akaiky izay ahitana loza be sy fijaliana, tsy fananana izay ilaina. Ankehitriny tsy milaza amin'ny fomba miodikodina Izy na tsy dia mazava loatra "tonga ny fahoriana" Mampatahotra izany. Fa toy ny reny izay handeha hanapika jiro ka milaza moramora amin'ny zanany fandrao raiki-tahotra izy. "Ary aza matahotra ankehitriny, fa ny mazava hivoaka ka ho maizina ny andro. Fa tsarovy fa Izaho dia eo aminareo." Koa Hoy izy: "Aza matahotra olona, na izay mety ataony aminareo. Izaho momba anareo, ary ny fahasoavako ampy ho anareo. Raha mita ny rano ianareo, dia tsy hanafotra anareo izany. Na dia ao amin'ny fahafatesana aza ianareo tsy ho resy. Manoatra noho ny mpandresy ianareo."

Ny apostoly lehibe Paoly dia nahalala teo amin'ny fiainany ny fahamarinan'ireo teny ireo ary ny ao amin'ny Romana 8: 35-39 manao hoe: "Iza no hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy? Fahoriana va, sa fahantrana, sa fanenjehana, sa mosary, sa fitanjahana, sa loza, sa sabatra? Araka ny voasoratra hoe: Fa noho ny aminao no namonoana anay mandrakariva; Toy ny ondry hovonoina no fijery anay

(Sal. 44. 22). Kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'ilay tia antsika. Fa matoky aho fa na fahafatesana, na fiainana, na anjely, na ireo fanapahana, na zavatra ankehitriny, na zavatra ho avy, na hery, na ny ambony, na ny ambany, na inona na inona amin'izao zavatra ary rehetra izao, dia tsy hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika.” Tsia, tsy tokony hatahotra isika. Ny fitiavany mandroaka ny tahotra rehetra.

Ankehitriny jereonareo ny zavatra Nolazainy: "ny devoly dia hanipy ny sasany aminareo ao an-tranomaizina mba ho voazaha toetra ianareo." Ny Jiosy dia nanao izany tsara avy eo. Ireo mpanompo sampy mpisorona nanao izany tsara avy eo. Ary ny governora, izay niezaka ny hahazo sitraka tamin'ny vahoaka, satria ny olona tia ny kianja filalaovana, niorakoraka ny anarivony maro mba ahafaty ireo Kristiana, namotika azy ireo tamin’ny liona sy ny Gladiatera. Inona ary no hidiran’ny devoly amin’izany? Nahoana no manome tsiny azy? Ah, eny, satria ny fankalahan’ny devoly no ao ambadik’izany rehetra izany. Izy no mahatonga izany rehetra izany satria mankahala an'Andriamanitra izy. Izay nametrahan’Andriamanitra ny fony, dia ezahin’i Satana haringana. Fa tandremo anefa. Eto dia misy hazavàna. Raha i Satana no ao ambadiky ny Jiosy izay manao izay hitondrana ny Kristiana eo an-kianja, noho izany ny Jiosy dia tsy mba fivavahana avy amin'Andriamanitra, fa ny devoly. Ny fivorian’izy ireo ihany koa dia synagogan'i Satana. Ary raha ny Eglizy Katolika Romana no namono ny vahoaka mpino tsy tambo isaina tao amin'ny Vanim-potoanan’ny Fahamaizinana, eny sy tamin'ny sokajin-taona hafa rehetra, dia avy amin'ny devoly sy an'i Satana koa izy ireo.

Ary raha manafintohina ny hevitrao izany, miandrasa aloha ny fahatanterahan’ny faminaniana ao amin'ny Apokalypsy 13. Tena manaitra tokoa fa ny United States of America dia ao amin'izany toko izany. Ny isa telo ambin'ny folo dia marik’ity ny firenena ity. Nanomboka tamin'ny fanjanahan-tany telo ambin'ny folo izy. Ny sainam-pireneny dia manana kintana telo ambin'ny folo sy tsipika telo ambinifolo. Ary ny anjarany dia ao amin'ny toko fahatelo ambin'ny folo. Eto amin'ity sary izay voalaza ao amin'ity toko ity no ahitana ny ratsy rehetra tao amin’ilay bibidia izay teo anoloany. Satria ilay bibidia dia nitsangana tao amin'ny Filan-kevitry ny Nicée-Constantinople, noho izany koa ny sary hivoaka avy ao amin'ny Filan-kevitry ny Fiangonana eran’Izao tontolo izao miaraka amin’ny hery Satanika sy tsy matahotra an’Andriamanitra ary hampitroatra ny fahatezeran'ny devoly amin'ny tena voalobok'Andriamanitra. Izany dia fampisehoana miverimberina avy amin’ny hafetsen’ny devoly sy ny habibiany.

Ireo izay miady amin’ireo manetry tena ho an'Andriamanitra sy manaraby ary handringana azy ireo--aoka hanao izany ihany izy. Ary manao izany izy ireo. Ary izany rehetra izany dia amin’ny Anaran'Andriamanitra sy ny fivavahana. Kanefa mandainga izy ireo. Tsy mba avy amin'Andriamanitra izy ireo. Izy ireo dia avy amin’ny rainy, dia ny devoly. Izy ireo, araka ny asany izay manohitra NA IZA NA IZA, dia mampiharihary ny tenany sy ny maha izy azy. Avelao izy hanao fikambanana sy handà ny ondry vitsy.Ny ataon’izy ireo dia mampiseho misimisy kokoa fa avy amin'ny devoly izy. Izy ireo no voaloboka tsy izy-- ilay voaloboka mamono olona. Ny fankahalany dia manaporofo hoe iza izy. Ny fiangonana antikristy Nikolaita dia izy ireo.

"Ho hatsipy any am-ponja izy ireo." Eny, izy ireo nenjehina mba ho tsaraina sy nendrikendrehina ary notsaraina sy naiditra am-ponja. Ary mazava ho azy fa izany rehetra izany dia natao tamin'ny anaran'ny fivavahana sy ny fahalalam-pomba ary tsy fahadisoana amin-katezerana.Izany rehera izany dia nataony mba ho amin’ny tsara. Izany dia mahatonga ahy mieritreritra ny Fitsarana an-Tampony mifehy ny vavaka sy ny famakiana Baiboly ao amin'ny sekoly. Iza no ao aorianan’izany? I Satana. Izany dia fahatezerana hafa indray manohitra an'Andriamanitra. "Hanam-pahoriana hafoloana ianareo." Ity ny faminaniana. Ary miaraka amin’izany dia ny famaritana ny androm-piainan'ny Taom-piangonana

Smyrna. Dioclétien, izay anisan’ny mpamono olona feno habibiana indrindra tamin’ireo amperora dia nanomboka fampielezan-kevitra manohitra ny olomasin'Andriamanitra, koa raha tsy noho ny famindram-pon'Andriamanitra dia saika ripaka ny mpino rehetra. Izany no fandatsahan-drà be indrindra teo amin'ny tantara, ary naharitra folo taona (ny folo andro ao amin'ny Apokalypsy 2:10b) nanomboka tamin'ny 302 A.D ka hatramin’ny 312 A.D.

"Aoka ho mahatoky hatramin’ny fahafatesana ianao." Tsy milaza Izy hoe, ho mahatoky mandra-pahafaty, fa hatramin'ny fahafatesana. Mety tsy maintsy hanao tombokase ny fijoroanao ho vavolombelona amin’ny rà-nao ianao. An'arivony, eny an-tapitrisany no efa maty nandritra ny vanim-potoana rehetra. Ary maty tamin'ny finoana izy ireo. Toa an'i Antipasy, maritiora mahatoky, tsy nihazona ny fiainany sarobidy izy ireo ho amin’ny fahafatesana. Matetika isika dia mihevitra fa mety ho sarotra ny ho maritiora. Fa sahy mahatsiaro fa ny finoana ampiasaintsika isan'andro handresena ao amin’i Kristy Jesosy dia tsy miova fa ilay finoana nihazona an’i Polycarps sy ny maritiora rehetra. Ny fara tampon’ny finoana dia hanome fahasoavana fara-tampony amin’ilay ora fara-tampony. Isaorana mandrakizay anie Andriamanitra!

"Ary homeko anao ny satroboninahitry ny fiainana." Koa satria na dia rano mangatsiaka eran'ny kapoaka nomena tamin'ny Anaran'ny Tompo aza tsy maintsy handraisana valim-pitia, akory ny halehiben'ny valim-pitia ho an’ireo izay nanome ny ainy ho maritiora noho ny Anaran'i Jesosy Tompo. Angamba afaka hieritreritra kely isika raha mampitaha izany satro-boninahitra izany amin'ny satro-boninahitra azo amin'ny fandresena amin’ny hazakazaka. Ao amin'ny 1Korintiana 9:24, i Paoly nanao hoe: "Tsy fantatrareo va fa izay mihazakazaka amin'ny fifaninana hazakazaka dia samy mihazakazaka avokoa, nefa ny iray ihany no mahazo ny loka? Mihazakazaha toy izany mba ahazoanareo." Ny satro-boninahitra omena ny mpandresy amin’ny hazakazaka Olaimpika dia fehiloha ny sampana oliva. Fa ny satro-boninahitra voalaza eto ao amin'ny Apokalypsy, nomena ny maritiora, dia ny satro-boninahitry ny fianakavian'ny mpanjaka. Jesosy nanao izany hoe ny satro-boninahitry ny fiainana. Ny satro-boninahitra iray dia ho an'ireo izay efa nikatsaka; ny hafa dia ho an'ireo izay efa nanome. Samy satroboninahitra tsy mety lo ireo. Tsy ho simba ireo. Ny mpandresy amin'ny hazakazaka ety amin'ny fianan’ity tontolo ity tsy ho ela dia hamoy ny dokam-pifaliana avy amin'izao tontolo izao. Ny voninahiny dia ho levona. Fa ireo izay nanome ny fiainany ho an'Andriamanitra, na amin'ny alalan'ny fikatsahana isan'andro, na fandatsahana ny rany ho toy ny satroboninahitra sorona ny amin’ny ainy dia homena ny satro-boninahitry ny fiainana.

Kely loatra ny fotoana rehetra lany amin'ny fikelezana aina ho amin'ny valisoa mandrakizay omen'Andriamanitra. Ny famalian'Andriamanitra dia tsy norarahina loatra. Raha mino ny zava-misy momba ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty isika, sy ny fanana fanjakana mandrakizay, dia tokony hanangona harena sarobidy izay natao ho an'ny olo-masina mahatoky.

NY VALISOA HO AN’IZAY MAHARESY

Apokalypsy 2:11, "Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana. Izay maharesy dia tsy hosimban'ny fahafatesana faharoa." Ankehitriny averina indray fa ny Fanahy dia miresaka amin’ny vanim-potoana rehetra. Ity hafatra dia mampionona antsika amin'izao andro izao tahaka ny nampiononana ny rahalahintsika tamin’ny vanim-potoana hafa rehetra. Ary hoy Izy amintsika, ny fahafatesana faharoa dia tsy handratra antsika.

Fantatsika rehetra fa ny fahafatesana faharoa dia ny farihy afo. Apokalypsy 20:14 hoe: "Ary ny fahafatesana sy ny helo dia natsipy tany amin'ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa." Mazava ho azy fa izay rehetra ao, dia natsipy tany amin'ny farihy afo. Koa ankehitriny, te-hamoaka zavatra ho anao eto aho. Azo inoana fa hahatonga ny olona haneho hevitra amin’ny fampianarako hafahafa izany.

Fa mijoro eto aho amin'ny fahefan'ny Tenin'Andriamanitra, ary mandà fa ny tsy mino tsy mandeha any amin'ny helo mandrakizay sy may ao mandrakizay. Voalohany indrindra, ny helo, na ny farihy afo, na izay tianao hiantso azy dia tsy mandrakizay. Ahoana ary raha nanam-piandohana izany? Ao amin'ny Matio 25:41, dia milaza fa "nisy afo maharitra mandrakizay (ela be) izay voavoatra ho an'ny devoly sy ny anjeliny." Ary raha efa nomanina izany, dia tsy hoe tsy nanam-piandohana. Raha nanam-piandohana izany dia tsy afaka ny ho mandrakizay. Mazava ho azy fa mety ho tafintohina ny amin'ny hevitra ny teny hoe 'mandrakizay' ianareo. Fa izany teny izany dia midika hoe "avy any amin'ny taona maro mankany amin'ny taona maro" ary manana dikany samihafa mifandray amin'izany. Ao amin'ny 1Samoela 3:13-14, Andriamanitra nilaza tamin'i Samoela fa hitsara ny amin'ny taranak'i Ely mandrakizay Izy, ary izy ireo dia tsy hanao sorona intsony "mandrakizay" amin'ny maha mpisorony azy ireo. Ary ao amin'ny 1 Mpanjaka 2:27, Solomona dia nandroaka ny taranak'i Ely farany teo amin'ny fisoronana. Izany dia taranaka efatra na toy izany tatỳ aoriana. Ankehitriny ianao dia afaka mahita fa "ny ela be"(everlasting) tsy afaka ampitahaina amin'ny "mandrakizay", na izay tsy nanam-piandohana na fiafarana. Eto amin'ity tranga ity ny teny hoe mandrakizay dia midika hoe "ho amin'ny fotoana hanjavonany" Izany no nitranga. Nanjavona izy ireo.

Jereo ny teny hoe, "fandringanana" ny ao amin'ny 2 Tesaloniana 1:9, "olona izay hiharan'ny fanasaziana miaraka amin'ny fahapotehana mandrakizay." Ao amin'ny teny Grika, "ny fahapotehana" dia midika mahitsy hoe fanafoanana. Ary ny teny hoe, "fanapotehana", dia TSY midika hoe mandrava. Ary "ny mandrava" dia midika hoe zavatra miha-lo tsikelikely. Ka inona ary no mety dikan'ny hoe fanafoanana mandrakizay? Izany tsy midika hoe mitohy manafoana, na mahatonga ny teny hoe "mandrava", fa tsy "fanapotehana". Izany dia midika hoe mandrava hatramin'ny farany. Mamarana izany.

Mety hanontany tena ianao ankehitriny, raha afaka mampiasa izany teny, "mandrakizay" izany iano, ary tsy mampiasa azy io amin'ny fomba nampianarina izany. Izany dia mora. Rehefa mahakasika an'Andriamanitra, ny dikany dia hoe tsy misy fiandohana na fiafarana, ary maharitra mandrakizay, ary tsy mitsahatra. Ary rehefa miresaka momban'ny fiainana mandrakizay ianao dia ao an-tsainao fa izay ilay fiainanan'Andriamanitra. "Ity no rakitsoratra, fa Andriamanitra dia nanome antsika fiainana mandrakizay, ary izany fiainana izany dia ao amin'ny Zanaka. Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana." Koa ankehitriny, ireo zanak'Andriamanitra ihany no manana ny fiainana mandrakizay,dia ilay tsy nanam-piandohana, fa nisy foana. Marina izany. Manana zavatra ianareo ao aminareo amin'izao fotoana izao izay mandrakizay -- tsy misy fiandohana na fiafarana. Izany dia ny Fanahin'Andriamanitra. Izy io dia ampahany amin'ny Tenan'Andriamanitra. Izany dia ny fiainan'Andriamanitra.

Ary raha misy mpanota handeha ho any amin'ny helo ary avy eo dia mijaly, toy izany koa ianao handeha ho any an-danitra sy hankafy ny lanitra, noho izany izy dia manana ny karazana fiainana izay efa ananao.

Eny ary, mety misy ireo izay milaza fa ny fiainana mandrakizay dia midika hoe izay mahasoa ny zanak'Andriamanitra. Ny mahasoa sy ny mahafinaritra azy ireo no tandindomin-doza. Amin'ny lafiny iray ny mpanota dia saziana, mba ahafahantsika mampihena ny fahafatesana faharoa amin'ny resaka sazy sy ny toerana. Ny fiainana mandrakizay dia midika hoe lanitra, ary ny fanasaziana mandrakizay dia midika hoe helo. Mety ho gaga ianao amin'ireo olona nasandratra, ary ny teolojiana dia nino izany. Fantatrao ve anefa hoe inona no ataon'izany? Izany dia manao ny fiainana mandrakizay ho resaka jeografia fa tsy Olona. Ny fiainana mandrakizay dia Andriamanitra, -- ny Tompo Jesosy Kristy. Ahoana ny olona no afaka hino zavatra toy izany, fa ny fiainana mandrakizay dia resaka toerana, dia mihoatra noho izay fantatro. Izany no mahatonga ahy mivembena rehefa mieritreritra izany.

Tsia tompoko. Tsy misy afa-tsy iray ihany ny karazana fiainana mandrakizay. Andriamanitra no manana izany. Raha manana an’Andriamanitra isika, dia manana ny fiainana mandrakizay ao aminy sy amin'ny alalany.

Noho izany hitanareo, fa teny hoe mandrakizay, na elabe dia azo ampiharina amin'ny fomba isan-karazany, kanefa rehefa ampiharina eo amin'Andriamanitra izany, noho Izy amin’ny maha-Izy azy, dia iray ihany no dikany. Izany dia ny faharetan'Andriamanitra. Tsy afaka mampihatra ny toy izany amin’ny zavatra hafa rehetra ianao. Andriamanitra irery ihany no mandrakizay, ary satria velona Izy, dia hiara-belona Aminy isika.

Ankehitriny aza avela hisy hilaza fa izaho dia tsy mino ny farihy afo sy ny fanasaziana. Mino aho. Tsy fantatro hoe mandra-pahoviana ny faharetan’izany, fa amin'ny farany izany dia ho esorina. Ao amin'ny Apokalypsy 21:8, dia milaza fa ireo mpanota voalaza ireo dia hanana ny anjarany ao anatin'ny farihy afo. Fa ny tena hevitry ny teny dia tsy `anjara' fa io dia 'ny fotoana.' Hitanareo,izay no ahafantaranareo azy.

Noho izany ny ratsy fanahy dia hariana any amin'ny helo (Hadesy, na ny fasana) sy ny helo ho any amin'ny farihy afo. Tafasaraka amin'Andriamanitra.Tena mampatahotra izany zavatra izany.

Fa amin’ny olo-marina dia tsy mba ho toy izany. Tsy voatery hatahotra izy ireo. Izy ireo dia efa navotan'Andriamanitra. Eo an-tratrany izy ireo. Izy ireo dia mpandresy. Ary iza moa no mpandresy? Izay mino fa Jesosy no Kristy.

Nahoana ity mpandresy ity, ity mpino ity no afa-mandositra, ka mandehana ho any amin’ny fiainana mandrakizay sy ny fahasambarana?

Satria i Jesosy nandoa ny sarany ho vidim-panavotana antsika amin'ny ota. Ary nameno ny banga tamin’ny fisarahana Izy, ary isika izay lavitra taloha, ankehitriny dia manjary akaiky tamin’ny alalan’ny rà. Ary izy ireo dia tsy ho helohina. Tsy ho amin'izany farihy afo izany na oviana na oviana izy ireo. Izy ireo dia tsy ho very satria Izy tsy hanary na dia iray akory aza amin’izy ireo. Tsy misy iray amin'ireo izay voavotra no ho amin’ny toeran-kafa afa-tsy izay misy an'i Jesosy ihany.

Fantatrao ve ny anton’izany? Hanao fanoharana ny amin’izany aminareo aho. Manana zazalahy kely aho, Joseph. Izy dia misy ampahany mifandray amiko, na inona na inona mitranga. Raha lehilahy manan-karena aho, ny ratsy indrindra mety ho vitako dia ny tsy hampandova azy, fa tsy misy na inona na inona azoko atao mba handavana azy. Tsy azoko atao satria dia ampahany amiko izy. Eto ary, andeha ary horaisintsika ny fijerena rà. Aoka ampitoviana ny ràny sy ny ahy. Ho voaporofo fa Joseph dia zanako. Ahy izy. Ny fijerena ny rà no mampiseho raha an'Andriamanitra ianao na tsia.

Tsaroako ny fotoana taloha izay nandroahako karazan’omby Herefords (pure sang) tany Colorado. Tsy maintsy nitondra ireo biby fiompy ireo izahay mba ho ataon'ny governemanta fanaraha-maso raha te hiandry azy ireo eo amin’ny tanim-panjakana izahay. Ary izy ireo tsy namela na dia biby iray monja aza ka tsy manana ny famantarana ny rà eo amin'ny sofina. Ny famantarana dia midika fa rà tsy mifangaro (pure sang). Ny mpiambina izay niandry azy ireo na dia indray mandeha aza mbola tsy nijery ny karazany. Nojereny fontsiny ny famantarana mba ahitàna fa ilay rà dia marina. Aleloia. Raha io marina ilay rà, dia tsy maintsy marina izany.

Fantatrao fa Andriamanitra mijery, ary nanambara hoe: "Ny fanahy izay manota no ho faty. Izany dia

tafasaraka Amiko. Tsy afaka hanatona Ahy izany." Fantatsika fa efa nanota ny rehetra ary tsy tonga tamin’ny voninahitr'Andriamanitra. Izany dia midika fa efa maty ny rehetra,nisaraka ny rehetra, ary indray andro ho avy ny fotoana ka na dia ilay fiainana kely aza dia ho tafintohina ka ho vita tanteraka. Fa Andriamanitra ao amin'ny fitiavana, nitondra biby iray, ary naka ny fiainany hisolo ny toeran’ny fiainan'ny mpanota.

Ao amin'ny Testamenta Taloha ny mpanota nitondra zanak'ondry. Dia nametraka ny tànany eo amin'ny zanak'ondry raha ny mpisorona nanapaka ny tendan’ny zanak'ondry. Tsapany ny fikorianan’ny rà, ary henony ny fitarainany. Tsapany ilay vatana mihinjitra miala aina. Hitany ny setroky ny rà nifafy, niakatra ho any amin'Andriamanitra. Fantany fa ny zanak'ondry efa nisolo toerana azy. Fantany fa ny fiainan’ny zanak'ondry efa very noho ny aminy. Fa ny ain'io zanak’ondry io dia ny fiainana biby ary tsy afaka miverina amin'ny mpanota hampadio azy. Dia lasa niaraka tamin'ny faniriana hanota indray. Nivoaka niaraka tamin’ny ota tao an-tsainy izy, ka niverina nanao sorona ho an'ny zavatra iray ihany, herintaona tatỳ aoriana.

Fa ao amin'ny Testamenta Vaovao dia tsy mba toy izany. Ilay Zanak'ondry maty dia Zanak'Andriamanitra, Izay nanome ny Ràny ho avotra hisolo ny maro. Amin’ny finoana no handehanantsika ka mametraka ny tanantsika eo amin’izany Zanak'ondry izany -- hitantsika Izy miaraka amin'ny ratra mihoson-drà, ny lamosiny mitriatra, ny tsilo lozabe mamiravira ny volomasony -- mahatsapa ny Fahoriany isika ary mandre Azy mitomany, "Andriamanitro ô, Andriamanitro ô, nahoana no dia mahafoy Ahy Hianao?" ary inona no nitranga? Ilay fiainana izay niala tao amin’io sela torotoro io dia niverina teo amin'ny olona nibebaka iray. Ilay fiainana izay tao Aminy niverina amintsika. Miverina isika fa tsy amin'ny faniriana hanota intsony, ary ankehitriny isika dia manana fankahalana ny amin’ireo asan’ny nofo sy ny filany.

Jereo anie isika e. Inona no fiainantsika? Sela kely iray monja izay tonga avy amin'ny raintsika. Ny vavy tsy manana ny hemôglôbina. Izy dia mamoaka ny atody; izy no kibo ifonosana. Fa ny rà avy amin'ny lehilahy. Izany no mahatonga ny vehivavy maka ny anaran’ny lehilahy. Ny zaza mitondra ny anarany. Ny reny no kibo ifonosana ho an'ny zaza aterany ho azy.

Izany no nitranga amin’ny fanavotana antsika. Ny Fanahy Masina tonga tao amin’ny Maria ary niteraka zazalahy izy ary nantsoiny hoe: Jesosy. Ilay Mpamorona lehibe no nidina ka lasa sorona noho ny otantsika.

Ny ràny dia ràn'Andriamanitra. Izay no marina tamin’io. Izany ràn’Andriamanitra izany dia niraraka ary ny Fanahy nandao Azy ka fadiranovana izy tamin’ny nahafatesany. Ka IZANY FIAINANA IZANY IHANY (FANAHY) no niverina hipetraka ao anatin’ny mpanota nibebaka ka hanafaka azy. Izany mpanota izany dia tsy niverina isan-taona manao fanatitra atao sorona, satria tsy ilaina izany. TAMIN’NY ALALAN’NY SORONA IRAY, indray mandeha tsy miverina dia efa afaka izy tamin'ny fanangejan’ny fahotana, ary nandray ny fiainan'i Kristy izay hanjakany amin'ny fandresena ny fahotàna, izao tontolo izao, ny nofo sy ny devoly.

Andriamanitra nanao izany. Nataony izany rehetra izany. Nitaraina Izy tamin'i tontolo izao voaozona amin'ny fahotana, "Izaho no hanome famantarana ho anareo. Ny virijina hitoe-jaza. Ny virijina hanan'anaka ka hiteraka zazalahy. Izany no famantarana ho anareo. Izany dia ho famantarana mandrakizay. Ny hivoaka ao amin-dravehivavy dia Imanoela, Andriamanitra amintsika."

Andriamanitra tonga teo amin'ny selan’ny rà, fa tsy tamin'ny alalan'ny lehilahy, fa tamin'ny Fanahy Masina,ary tao amin'izany kibo virjiny izany no naorina ny taberinakely ho an’ny fahafatesana. Tonga

ny taranaky ravehivavy mba ho torotoroina hitondrana ny famonjena antsika. Rehefa tonga tamin’i Maria ny Fanahy Masina, dia Noforoniny tao an-kibony ny sela izay nihamaro ary lasa ny vatan’ny Tompontsika. Izany sela izany dia noforonina. Izany no Fiandohan'ny Famoronan'Andriamanitra. Izany no Atao hoe Jesosy. Ary ilay Iray Masina dia feno rà Masina, dia ny ràn'Andriamanitra. Izany tabernakely izany dia tonga teo amin’ny fahaterahana. Nitombo ho lehilahy. Nankany Jordana Izy ary tany izany fanatitra izany dia nosasan’i Jaona tao amin'ny ony atao hoe Jordana. Rehefa nivoaka avy tao anaty rano izany Sorona Ekena izany, dia tonga Andriamanitra ary nonina tao anatiny, nameno Azy ny Fanahy tsy misy fetra. Ary rehefa maty Izy ka nandatsaka ny ràny, ilay fiainana lavorarin'Andriamanitra dia nivotsotra ka niverina eo amin'ny mpanota izay manaiky an'i Kristy ho Mpamonjy azy.

Tena manaitra izany. Jehovah, teraka nitomany teo amin’ny zezika miavosa. Jehovah teraka tao amin'ny mololo, fihinanam-bilona.Izay ilay famantarana mandrakizay ho an’ny mpiavonavona sy mpirehareha, avara-pianarana izay efa nampivoatra ny teolojiany ary nandà ny fahamarinan'Andriamanitra. Jehovah Andriamanitra, zazakely mitomany ao amin'ny fisoko maimbo. Avy eo dia mihevitra isika fa afaka miavonavona, milanja loha, mitsikera sy mihevitra ny tena ho zavatra. Io no tena famantarana ho anao. Io no famantarana marina. Jehovah, nilalao toy ny zazalahy. Jehovah miasa ao amin'ny fivarotan’ny mpandrafitra. Jehovah nanasa ny tongotry ny mpanjono.

"Izaho no hanome famantarana ho anareo," hoy Andriamanitra. "Tsy famantarana amin’ny mpisorona manao vozon’akanjo fotsy. Tsy famantarana amin’ny fahefana sy harena. Tsy misy na inona na inona amin'izany famantarana izany no ilainao, na eritreretina fa mety. Fa izany dia famantarana mandrakizay. Io no famantarana lehibe indrindra." Jehovah mitsangana eo an-kianja torotoro sy mandeha rà amin'ny tsilo teo amin'ny volo-masony sy ny rora teo amin’ny tavany, norabirabiana sy tsinontsinoavina. Jehovah tsy noraharahina sy nolavina, nihantona niboridana teo amin'ny hazo fijaliana, raha ny mpihatsaravelatsihy nandatsa ka sahy nilaza niteny Azy mba hidina hiala teo amin'ny hazo fijaliana. Jehovah niala aina. Jehovah nivavaka ary tsy nisy na inona na inona nitranga. Avy eo dia maty i Jehovah. Izany no famantarana ho an'ny olona rehetra ankehitriny. Tsy misy hafa tahaka izany. Izany no lehibe indrindra.

Avy eo dia tonga teo amin’ny tany ny aizimpito. Nataon’izy ireo tao am-pasana Izy. Tao Izy no nandry telo andro sy telo alina, ary nisy horohoron-tany namaky ny fahanginan’ny alina ka nivoaka Izy. Nivoaka Jehovah. Jehovah niakatra any amin'ny avo. Ary Jehovah niverina ka monina eo amin’ny Fiangonany. Jehovah niverina tamin'ny rivo-mahery rivotra sy lelafo. Jehovah niverina mandeha eo anivon’ny Fiangonany ary manome hery ny Olony. Averina indray fa tonga Jehovah, ary amin'ity indray mitoraka ity mba hijanona eo amin’ny Vahoakany. Ary Jehovah manasitrana ny marary indray, manangana ny maty sy hampiseho ny Tenany amin'ny alalan'ny Fanahy. Niverina Jehovah, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ary milaza ny ny hevitry ny teny.

Jehovah nidina ambany ary Nanangana ilay mpivaro-tena tsy hanota intsony. Tonga teo amin'ny mamo lava Izy, miaraka amin'ny lalitra manidina eo amin’ny tavany raha nandry tsy nahatsiaro tena tao anaty tatatra. Eny, Jehovah tonga niseho tamin'ny nofo sy naneho tamin'ny alalan'ny nofo. Tonga Jehovah--Amintsika Andriamanitra, Izay fanantenana ny voninahitra.

Eny, tonga Jesosy ka nandatsaka ny Ràny ka nanafaka ny babo. Tonga Izy ka nanavotra ny Ondriny very. Nomeny azy ireo ny fiainana mandrakizay ary tsy ho very izy ireo. Tsy hanary na dia ny anankiray amin'izy ireo aza Izy, fa hanangana azy ireo amin'ny andro farany. Haleloia, ny fahafatesana faharoa dia tsy afaka handratra azy ireo. Tsy manam-pahefana eo amin’izy ireo izany. Satria izy ireo dia an’ny Zanak'Ondry ary izy ireo dia manaraka Azy na aiza na aiza Alehany.

NY FANAHY MASINA AMIN'NY VANIM-POTOANA REHETRA.

Apokalypsy 2:11, "Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana." Tsy misy vanim-potoan'ny fiangonana iray izay tsy ahitana ity andininy ity. Ny vanim-potoana tsirairay dia manana izany fananarana izany ho an'ny olona isaky ny vanim-potoana. "Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy." Kanefa tena sarotra ho an'ny olona rehetra ny hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny vanim-potoana isan-karazany.1 Korintiana 2: 6-16, "Na dia milaza fahendrena amin'ireo izay efa lavorary aza isika; nefa tsy ny fahendren'izao tontolo izao, na ny mpanapaka izao tontolo izao, izay mihalevona; fa miteny ny fahendren'Andriamanitra ao amin'ny zava-miafina, eny ny fahendrena izay nafenina sady voatendrin'Andriamanitra talohan'ny izao tontolo izao ho voninahitsika; ary tsy misy mpanapaka amin'izao tontolo izao nahalala; fa raha nahalala izy ireo, dia tsy nohomboany tamin'ny hazo fijaliana ny Tompon'ny voninahitra: Fa araka ny voasoratra hoe, Ny maso mbola tsy nahita, na ny sofina nandre, na niditra tao am-pon'ny olona, ny zavatra nomanin'Andriamanitra ho an'izay tia Azy. Fa Andriamanitra nanambara izany ho antsika tamin'ny Fanahiny; satria ny Fanahy mamantatra ny zavatra rehetra, eny, ny saina lalina izay an'Andriamanitra. Fa iza no olona mahalala ny ao am-pon'olona, afa-tsy ny fanahin'ny olona izay ao anatiny ihany? dia toy izany koa ny zavatr'Andriamanitra dia tsy misy mahalala, fa ny Fanahin'Andriamanitra ihany. Fa isika efa nandray ankehitriny,tsy ny fanahin'izao tontolo izao, fa ny Fanahy Izay avy amin'Andriamanitra; mba ho fantatsika izay zavatra nomen'Andriamanitra antsika maimaim-poana. Izany zavatra izany koa no lazainay, tsy amin'ny teny izay ampianarin'ny fahendren'olombelona; fa izay ampianarin'ny Fanahy Masina; mampitaha zavatra ara-panahy amin'ny ara-panahy. Fa ny olona araka ny nofo tsy mba mandray izay an'ny Fanahin'Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany sady tsy ho azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany. Fa izay ara-panahy dia mitsara ny zavatra rehetra, ary izy tsy tsarain'olona. Fa iza no mahafantatra ny sain'ny Tompo ka hampianatra Azy? Fa izahay manana ny sain'i Kristy." Matio 13:13-16, "Ary izany no itenenako aminy amin'ny fanoharana; satria mijery izy, fa tsy mahita; ary mihaino izy, fa tsy mandre; na mahalala. Ary ao amin'izy ireo no tanteraka ny faminanian'Isaia, izay manao hoe: Hiaino ihany ianareo ka hiaino, fa tsy hahalala; ary hijery ihany ianareo ka hijery, fa tsy hahita; fa ny fon'ity firenena ity dia tsy mahatsapa, ary ny sofiny lalodalovana amin'ny fihainona, ary ny masony efa nakimpiny; fandrao hahita ny masony ka handre ny sofiny, ary hahalala ny fony ka tokony ho hibebaka izy dia hahasitrana azy Aho. Fa sambatra ny masonareo fa mahita, ary ny sofinareo mandre." Jaona 8:42-44, "hoy i Jesosy tamin'izy ireo: Raha Andriamanitra no Rainareo, dia ho tia Ahy ianareo; fa tamin'Andriamanitra no nivoahako sy nahatongavako; tsy tonga avy amin'ny Tenako Aho, fa Izy no naniraka Ahy. Nahoana ianareo no tsy mahazo ny Teniko? Na dia tsy afaka mihaino ny Teniko aza. Ianareo avy amin'ny devoly rainareo, ka ny filàn'ny rainareo no tianareo hatao. Izy dia mpamono olona hatrany amboalohany, ary tsy nitoetra tamin'ny fahamarinana, satria tsy misy marina ao aminy. Rehefa miteny lainga izy, dia milaza ny tenany; satria izy mpandainga, ary rain'ny lainga." Tena hita avy amin'ireo Soratra Masina ireo fa tsy misy olona afaka mihaino an'Andriamanitra avy amin'ny alalan'ny tenany. Izany fahafahana izany dia tsy maintsy nomen 'Andriamanitra azy. Matio 16:17 manao hoe: "Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Sambatra ianao, ry Simona Barijaona; fa tsy nofo aman-drà no nanambara taminao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra." Ny fametrahana ireo andininy ireo miaraka dia ahitantsika fa iray ihany no vondron'olona, ary izany vondrona manokana izany no afaka hihaino izay lazain'ny fanahy isaky ny vanim-potoana. Izany vondrona izany dia avy amin'Andriamanitra, satria ny vondrona izay tsy afaka mihaino dia tsy avy amin'Andriamanitra. (Jaona 8:42-44.) Ny vondrona izay afaka mihaino sy manantanteraka izay lazain'ny Fanahy,ary mandray ny fanambaràna ao amin'izany dia ilay vondrona voalaza ao amin'ny 1Korintiana 2:6-16. Izy ireo no manana ny Fanahin'Andriamanitra. Izy ireo no naterak'Andriamanitra. Izy ireo natao batisa ho amin'ny vatan'ny Tompo Jesosy Kristy amin'ny alalan'ny Fanahiny. Izy ireo no vita batisa ao amin'ny Fanahy Masina.

Mba hamelarana bebe kokoa ny zavatra vao avy nolazaina antsika, ary koa hampiasana ny Soratra Masina izay tokony entina ao an-tsaina raha resahina ny mikasika ny hoe iza no vita batisa amin'ny Fanahy Masina, dia jereo ny zavatra nolazain'i Jesosy ao amin'ny Jaona 6:45: "Voasoratra ao amin'ny mpaminany hoe: Ary izy rehetra dia hampianarin'Andriamanitra." Fa miverena ao amin'ny Isaia 54:13 izay nakana izany ka mivaky toy izao manao hoe: "Ary ny zanakao rehetra dia hampianarin'i Jehovah." Ny REHETRA an'Andriamanitra dia ny ZANAK'Andriamanitra. Noho izany dia izay ilay porofon'ny maha tena zanak'Andriamanitra, (Ireo izay tongavan'ny Fanahy ary hitoerany) ary aseho indray toy ilay iray mampianatra ny Teny amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

Ankehitriny ary ianao dia afaka manomboka mahita fa ny fiteny tsy fantatra dia tsy midika hoe vita batisa tamin'ny Fanahy Masina. Tsy misy milaza na amin'ny vanim-potoana inona na inona fa "izay manana fiteny tsy fantatra dia aoka izy hilaza izay lazain'ny Fanahy." Izany dia mametraka ny fiteny tsy fantatra, ny fandikana izany, ny faminaniana, sns… tsy ho porofo. Ny porofo dia ny MIHAINO izay lazain'ny Fanahy. Ny Fanahy no miresaka. Eny, ny Fanahy mampianatra. Izany mihitsy no nolazain'i Jesosy fa ho ataony rehefa tonga Izy. Jaona 14:26: "Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hitondra ny zavatra rehetra ho amin'ny fitadidianareo, dia izay rehetra nolazaiko taminareo." Ary izany indrindra no nitranga. Izany no fomba nanoratana ny Filazantsara. Ireo lehilahy ireo dia nahatadidy tao an-tsainy tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina, ireo tena Teny izay nolazain'i Jesosy.

Izany no mahatonga ny Filazantsara ho tena tsy misy ho kianina. Tonga lafatra izy ireo. Fa ny Fanahy tsy nitondra fotsiny ny zava-drehetra ho ao an-tsain'izy ireo, fa Izy nampianatra azy ireo bebe kokoa ny amin'ny fahamarinana izay efa nananan'izy ireo. Izany no fomba nandraisan'i Paoly fanambaràna. Dia hoy izy momba izany: "Fa ampahafantariko anareo, ry rahalahy, ny amin'ny filazantsara izay notoriko, dia tsy avy amin'ny olombelona. Fa izaho tsy nandray izany tamina olona,na nampianarina izany aho (olona) fa tamin'ny fanambaràn'i Jesosy Kristy. " Galatiana 1: 11-12. Izy dia nampianarin'ny Fanahy Masina.

Indray andro, raha tetỳ ambonin'ny tany i Jesosy, dia nisy lehilahy manan-danja tonga nitsidika Azy. Ity lehilahy ity nanao hoe: "Raby ô, fantatray ianao fa mpampianatra nirahin'Andriamanitra." Fa ianareo ahita fa nanapaka azy Jesosy. Dia nitodika tamin'i Nikodemosy Izy ary ireo ny teny Nolazainy azo lazaina amin'ny fomba hafa tahaka izao, "Izaho TSY mpampianatra. Izaho no sorona Zanak'ondry noho ny fahotàna.Izaho dia mahatonga ny Fahaterahana Indray amin'ny alalan'ny Fanahiko. Kanefa misy iray ho avy, dia Ilay Mpampianatra. Izy no Fanahy Masina." I Jesosy, rehefa tety ambonin'ny tany, dia tonga toy ny Zanak'ondry, ary koa tahaka ny Mpaminany. Fa rehefa niverina teo amin'ny fiangonana Izy amin'ny alalan'ny Fanahiny dia Lasa ilay Mpampianatra.

Ary amin'ny vanim-potoana rehetra isika dia mahare izany fahamarinana izany. "Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana." Fa ny olona feno ny Fanahy ihany no afaka mandre ny fanambaràna ho an'izany vanim-potoana izany. Ny hafa tsy afaka. Tsia tompoko. Tsy afaka, satria izany mihitsy no nolazain'i Paoly ao amin'ny 1Korintiana 2:6-16.

Ary izany tokony mba hahatonga anao ho faly. Misy fampianarana hafahafa eny amin'ny rivotra izay miteraka tsy fahafantarana sy hamafisam-po. Fa raha milaza ny Pentekotista hoe TSY MAINTSY miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianao raha tsy izany dia tsy natao batisa amin'ny Fanahy Masina, na mandà fa ireo lehilahy lehibe tahaka an'i Knox, Moody, Taylor, Goforth sy ny hafa dia tsy nandray ny Fanahy Masina, na milaza fa izy rehetra niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra mangingina, ary tsy nahalala ny zava-mitranga. Tsy marina izany. Tsia tompoko. Izany dia fahadisoana lehibe. Ny fiteny tsy fantatra dia tsy porofon'ny fahafenon'ny Fanahy. Izany dia iray amin'ireo fisehoana sivy voalaza ao amin'ny 1Korintiana 12 ihany. Tsy misy Soratra Masina izay milaza fa mandray ny Fanahy Masina ianao raha

miteny amin'ny fiteny tsy fantatra na mandray ny Fanahy Masina ianao amin'ny alalan'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra. Fa izao no voalaza "rehefa feno ny Fanahy Masina izy ireo dia niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra", ary taty aoriana dia voalaza fa naminany izy ireo.

Ankehitriny dia tsy hametrahan'ny maro fanontaniana intsony, fa ireo rehetra milaza fa nandray ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra no miteny amin'ny fiteny tena Ara-panahy. Fa tsy mba toy izany ho an'ny olona maro miteny amin'ny fiteny fantatra fa eo ambanin'ny herin'ny fanahy ratsy. Andeha isika hanao tahaka ny any amin'ny fivoriana, ary ny olona rehetra miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Ahoana no ahafantaranao izay fiteny avy amin'ny Fanahy, sy izay avy amin'ny devoly? Efa teny anivon'ny mpanompo sampy aho, ary ny mpisikidin'izy ireo dia misotro rà avy ao anaty karan-doha, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sy nandika ary naminany. Afaka manoratra amin'ny fiteny tsy fantatra mihitsy aza. Ary raha toa ka fiteny tsy fantatra NO porofo ny fandraisana ny Fanahy Masina, noho izany ny fiteny tsy fantatra rehetra tsy maintsy avy amin'Andriamanitra. Fa efa nanaporofo ireo olona manao ny fiteny tsy fantatra fa misy diso sy marina ny amin'izany, ary Andriamanitra no manana ilay tena izy, fa ny an'i Satana sandoka. Koa ny fanontaniako dia hoe, "Iza no mahalala ilay tena izy? Iza no nahafantatra ny fiteny ary mahalala izay voalaza ? Iza no manana ny fanomezam-pahasoavan'ny fahaiza-manavaka mba ahafantatra?" Ary rehefa mahazo ireo valiny ireo isika dia manana zavatra ahafahana mandroso, saingy mandra-pahatongan'izany,dia tsy maintsy manontany tena momban'ny loharano nipoiran'ny fiteny tsy fantatra. Azonao jerena amin'izao fotoana izao fa raha manohana ny porofo ny fiteny tsy fantatra ianao ka tsy mahalala izay tiany ambara, dia tsy maintsy ho tonga any amin'ilay toerana izay ny fiteny samihafa rehetra tsy maintsy avy amin'Andriamanitra ianao amin'ny farany. Izany dia hitarika antsika hino fa ny devoly dia tsy afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Tsy mba toy izany; tsia, na dia iray minitra monja aza. Ny misionera mahatoky rehetra eny amin'ny amin'ny toerana vaovao mahafantatra tsara ihany koa fa ny devoly miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, mitovy amin'ny fantatro ihany koa izany tamin'ny zavatra niainako.

Ny teolojiana Pentekotista miaiky fa tsy misy Soratra Masina mamelabelatra fa ny olona miteny amin'ny fiteny tsy fantatra rehefa vita batisa amin'ny Fanahy Masina. Miaiky izy ireo fa izany dia vinavina avy amin'ny fitantarana voalaza ao amin'ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly izay telo amin'ny in-dimy ny olona no niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra. Ary izy ireo koa milaza izay tsy amin'ny Soratra Masina fa misy karazany roa ny fiteny tsy fantatra. Ny iray dia ny teny lazainao rehefa mandray ny Fanahy Masina, ary izany no 'porofo', ary taty aoriana rehefa nino ianao, dia afaka mandray ny fanomezam-pahasoavan'ny fiteny tsy fantatra izay mety afaka hiteny matetika ianao amin'izany. Na izany aza, hoy izy ireo, rehefa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra indray mandeha ianao ho porofon'ny fandraisana dia mety tsy hiteny intsony. Averina indray, tsindrin-daona isika ny ahalala izay ahitana izany ao amin'ny Teny. Raha tsy tao izany, dia Andriamanitra tsy niteny izany, ary loza ho an'izay manampy ny Teny. Saingy misy zavatra ao amin'ny Teny mikasika ity foto-kevitra ity izay tsy fantatr'izy ireo tanteraka. 1Korintiana 13. Izany dia milaza fitenin'ny olona sy ny anjely. Ireo dia ny teny fantatra sy ny tsy fantatra. Ireo Pentekotista maoderina milaza fa izy ireo dia afaka mandray ny Fanahy Masina miteny amin'ny fiteny tsy fantatra na ny fitenin'ny anjely. Manana ny sarety eo anoloan'ny soavaly izy ireo, fa ao amin'ny Asan'ny Apostoly 2 ny olona niresaka tamin'ny tenim-paritra mazava, izay na dia ireo tsy mpino mihitsy aza nahare ary nahalala.

Ary rehefa mangina Andriamanitra dia tsara kokoa isika raha mangina. Fa rehefa niteny Izy dia tsara koa isika raha miteny izay zavatra efa nolazainy. Nolazainy tamintsika ny porofo, na izay mety hitranga fa rehefa avy natao batisa tamin'ny Fanahy isika dia hanana ny Mpampianatra tonga sy hampianatra ny fahamarinana rehetra. Fa izany Mpampianatra izany dia mpampianatra ANATINY, fa tsy mpampianatra ivelany. Raha tsy ao anaty ny Fanahy, dia tsy hahare ny fahamarinana ianao na handray izany amin'ny alalan'ny fanambaràna, raha nandre izany ianao isaky ny fotoana amin'ny andro. Izany no famantarana

ny Fanahy mitoetra ao anaty tamin'ny andron'i Paoly. Ireo izay feno ny Fanahy Masina dia nandre ny Teny ka nandray izany ary niaina taminy. Ireo izay tsy nanana ny Fanahy nandre izany fontsiny tahaka ny olona ara-nofo ihany, nametraka heviny ratsy teo amboniny ka nankany amin’ny fahotana.

Isaky ny vanim-potoana, (ary ny isaky ny vanim-potoana dia ny vanim-potoanan’ny Fanahy Masina ho an'ny mpino tena marina) -Izao no lazaiko, amin'ny vanim-potoana rehetra ny porofo dia mitovy. Ireo izay nanana ny Fanahy, ny Mpampianatra, nandre ny Teny, ary ny Fanahy tao amin’izy ireo nandray ny Teny ka nampianatra (nanambara izany) ho azy ireo; ary izy ireo dia anisan’ny vondrona izay nandre ny mpitondra hafatra sy ny hafatra nentiny ka nandray sy niaina tamin’izany.

Fantatro fa fitsapana lehibe ny fampitahana ny tamin’ny andro Pentekosta, ary koa tamin'ny andro nilatsahan’ny Fanahy Masina tao antranon'i Kornelio, ary avy eo dia nametraka ireo zavatra roa ireo mitovy ho toy ny porofo ny amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina. Fa isaky ny fotoana ny fiteny tsy fantatra dia azon'ny mpihaino. Izany dia fitarainana lavitra ho an’i Babela maoderin’ny fivoriana Pantekotista very hevitra. Ary raha tsy ampy handresy lahatra antsika izany hialàna ny fiheverana toy izany, inona ary no ataontsika rehefa mifanehitra amin’ny zava-misy fa ny olona izay tsy mbola niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra dia manana ny sasany amin'ireo fisehoana valo hafa eo amin'ny fiainany, toy ny Tenin'ny Fahendrena, ny mahafantatra fanahy, teny fahalalana, finoana, fanasitranana sy fahagagana mihitsy aza? Ary ny fahafantarana izany dia mahaliana kokoa amin'ny filazàna fa ny fiteny tsy fantatra dia kely indrindra amin'ny fanomezam-pahasoavana sivy; koa rehefa mahita olona tsy manana isika, na tsy mbola niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, mampiasa fanomezam-pahasoavana lehibe kokoa noho ireo izany mampiasa teny amin'ny fiteny tsy fantatra, dia tsy maintsy hanome lanja tanteraka izany foto-pampianarana izany isika noho ilay teo aloha.

Noho izany dia afaka mahita ianareo izao, fa tsy afaka ny hilaza izay tsy nolazain’ny Baiboly isika. Rehefa ny Soratra Masina no mampianatra antsika fa ny asan'ny Fanahy Masina sy ny fanehoan’izany Olona Sambatra izany dia ny mitondra ny fahamarinan'ny vanim-potoana tsirairay ho an’izay tena voa amin’izany vanim-potoana izany, dia fantatsika fa ny Fanahy tsy maintsy mitoetra ao amin'ny olona, na izy tsy afaka handray ny fahamarinana amin’izany fotoana izany. Amen. Izany no tena marina. Ary raha misy zavatra avoakan’ireo vanim-potoana ireo, dia azo antoka fa izy ireo dia hitondra sy hamoaka ny fahamarinana. Ankehitriny aza alohan'ny hialantsika amin’ity foto-kevitra ity dia te haneho izany mazava tsara ny tenako, dia ny amin’ny batisa amin'ny Fanahy Masina araka ny Teny. Tsy avy amiko izany, ary tsy avy aminareo. Fa izany dia tsy maintsy avy amin’ilay hoe: "Izao no lazain'ny Tompo," raha tsy izany dia lainga no hitondrana antsika. Amen.

Voalohany indrindra, ho tsikaritrareo fa amin’ny fivoriana rehefa vitako ny toriteny amin'ny fitoriana filazantsara, na ny hafatra fampianarana sasany, dia alatsako ny harato ary manasa ny olona hamaly aho. Mangataka azy ireo aho mba handroso eny aloha ary handray ny Fanahy Masina. Ireo namako Pentekotista, rehefa nandre ahy nilaza izany dia nino fa nanasa ny olona aho mba handroso eny aloha mba hatao batisa amin'ny Fanahy Masina, satria izy ireo dia efa nateraka indray. Koa rehefa nanasa ireo olona fenon’ny Fanahy aho hanantona sy ireo izay namaly ny fanasana mba handray ny Fanahy, ireo malala ireo dia nandroso ary nandray ny olona toy ny mandrisika azy ireo mba hanaiky an'Andriamanitra sy mino ny miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Izany dia niteraka fifanjevoana be ary tiako ny milaza aminareo ny zavatra tena tiako holazaina. Ny mpanota no tiako hanantona mba ho ateraka indray, dia ny hanaovana batisa azy ho amin’ny tenan’i Kristy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, Izay izany indrindra no nitranga tamin'ny Pentekosta, rehefa niatomboka ny fiangonana. Amin'ny teny hafa, ny ateraky ny Fanahy dia tena vita batisa amin'ny Fanahy Masina. Izany dia iray ihany ary tsy miova.

Ankehitriny dia mahatsapa aho fa mety hanahiran-tsaina kely izany eto, ary ny ankamaroan'ny olona mahalala fa izaho dia notendrena ho mpitoriteny tao amin’ny Batista ary efa nilaza foana aho fa ny Batista tsy nahalala izany tamin’ny nilazany hoe, mandray ny Fanahy Masina REHEFA mino, saingy tsy mba toy izany. Mandray Azy ianao "HATRAMIN’NY ninonao." Asan'ny Apostoly 19:2-6. "Ary hoy Izy taminy: Nandray ny Fanahy Masina ve ianareo hatramin’ny ninonareo? Ary hoy izy ireo taminy: Tsy mbola tena nahare izahay fa misy Fanahy Masina. Ary hoy Izy tamin’izy ireo: Ho amin'inona ary no nanaovana batisa anareo? Ary dia hoy ireo: ho amin'ny batisan'i Jaona. Dia hoy Paoly: Marina tokoa fa Jaona nanao batisa ho amin’ny fibebahana ary nilaza tamin'ny olona mba hino Ilay ho avy manaraka azy, mba hinon’izy ireo Azy, dia Ilay avy tao aoriany, izany dia amin’i Kristy Jesosy. Ary raha nahare izany izy ireo, dia natao batisa tamin'ny anaran'ny Jesosy Tompo. Ary rehefa nametrahan'i Paoly tanana izy ireo, ny Fanahy Masina dia tonga teo aminy; ary niteny tamin'ny teny tsy fantatra izy sady naminany." Izay ilay izy. I Paoly nanontany hoe: "Efa nandray ve ianareo HATRAMIN’NY, FA TSY HOE TAMIN’NY ninonareo." Ary misy fahasamihafana lehibe amin’izany, fa izany dia AORIANAn’ny finoana no handraisantsika. Ny Efesiana 1:13 dia teny mazava tsara ny tamin’ny zava-nitranga tany Efesosy araka ny Asan'ny Apostoly 19: "Ary Izy koa no hitokianareo, TAORIAN'NY nahenonareo Tenin'ny fahamarinana, dia ny Filazantsaran’ny famonjena anareo; ao Aminy koa TAORIAN'NY ninonareo, (fa tsy rehefa nino) no nanasiavana tombokase tamin'ny Fanahy Masina araka ny teny fikasana ianareo. *[En lui vous aussi, **après** avoir entendu la parole de la vérité, l'Évangile de votre salut, en lui vous avez cru et vous avez été scellés du Saint Esprit qui avait été promis.]*" Eto dia izay no tiako hambara. Maro loatra ny maodernista ary na ireo mpanaraka Baiboly (tsy tena izy) no mino ny famonjena ho amin'ny fotoana iray manokana izay antsoina amin'ny lafiny maro hoe "mandray fanapahan-kevitra", ary izany dia natao hoe mandray an'i Kristy, na teraka indray. Ankehitriny ny mandray an'i Kristy dia mandray ny Fanahiny. Ny mandray ny Fanahy dia ny ateraka indray. Ary ny mandray ny Fanahy dia ny fahavitàna batisa amin'ny Fanahy Masina. Amen. Ireo ny olona mino. Tena mahagaga izany. Nijanona teo anefa izy ireo. Mandray ny Fanahy Masina ianao REHEFA AVY mino.Izany foana ny fizotrany, ary dia mbola ho toy izany foana. Ny teny voalohany fitarihan-dalana ho an'ny olona dia tamin’ny alalan’i Petera tamin'ny Pentekosta ka nilazany hoe: "Mibebaha ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ianareo ho famelana ny helokareo ary ianareo handray ny fanomezan’ny Fanahy Masina *(don du Saint Esprit*), fa ny teny fikasana dia ho anareo sy ny zanakareo ary ho an'izay rehetra lavitra, na iza na iza antsoin’ny Tompo Andriamanitsika."

Ireo toro-lalana ireo dia tonga toy ny valiny mivantana avy amin’i Petera momba ny zavatra izay tena nitranga tamin'ny Pantekosta. Ny zava-nitranga dia, Andriamanitra araka ny voalaza ao amin’i Joela no nampidina ny Fanahy Masina nampanantenaina ho amin'ny nofo rehetra. Tsy mbola nilatsaka tamin'olona Izy talohan’izany fotoana izany, na nomena talohan’izany fotoana izany. Izany no izy. Fa IZANY dia tsy maintsy ho avy manomboka izao amin'ny alalan'ny fibebahana, ny fanaovana batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompo, ary avy eo Andriamanitra dia manao ho adidy hameno ireo izay tonga. I Petera na ny apostoly hafa tsy mbola nisy nilaza na oviana na oviana ka nanao hoe: "Tsy maintsy ateraka indray ianareo, ary avy eo dia heniky ny Fanahy."

Fa toy izany ny maodelin’ny fomba niainana mahakasika ny fandraisana ny Fanahy Masina, mariho tsara fa ny Fanahy dia nilatsaka tamin’ny olona (maro). Asan'ny Apostoly 8:5-17, "Ary Filipo nidina tany an-tanàn’i Samaria ka nitory an'i Kristy tamin'izy ireo. Ary vahoaka betsaka no niray saina sy nihaino izay nolazain'i Filipo, raha nandre azy sy nahita ny fahagagana nataony. Satria ny fanahy maloto, nikiakiaka mafy tamin'ny feo mahery no nivoaka tamin'ny maro izay nitoeran’izy ireo; ary maro ny mararin'ny paralysisa sy ny mandringa no nositraniny.Ary nisy fifaliana lehibe tao amin'izany tanàna izany. Fa nisy lehilahy anankiray, atao hoe Simona, izay teo aloha izy tao amin’io an-tanàna io ihany dia mpisikidy, ka namitaka (namosavy) ny olona tany Samaria, nolazainy fa ny tenany no tena

zavatra: Ny olona rehetra dia nihaino azy, hatramin’ny kely indrindra ka hatramin’ny lehibe indrindra, ka nanao hoe, Ity lehilahy ity no herin’Andriamanitra lehibe. Ary nihaino azy ny olona satria efa ela loatra no namitahany azy ireo tamin’ny filalaovan’ody ratsy. Ary rehefa nino an'i Filipo nitory ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra sy ny anaran'i Jesosy Kristy izy ireo, dia natao batisa avokoa na lahy na vavy. Ary Simona koa mba nino; ary rehefa natao batisa izy, dia nanaraka an'i Filipo, sady talanjona izy, raha nahita ny fahagagana sy ny famantarana izay niseho. Ary nony ren'ny Apostoly tany Jerosalema fa Samaria efa nandray ny Tenin'Andriamanitra dia naniraka an'i Petera sy Jaona ho any amin’izy ireo: Izay, rehefa tonga tany izy roalahy dia nivavaka ho azy ireo mba handraisany ny Fanahy Masina: (Fa Izy tsy mbola nilatsaka tamin’ny iray amin’izy ireo; fa natao batisa tamin'ny anaran'i Jesosy Tompo ihany izy.) Ary nametra-tanana tamin’izy ireo izy roalahy, ary dia noraisin’izy ireo ny Fanahy Masina. Araka ny andininy faha-12, dia NINO NY TENY IZY IREO. Avy eo izy ireo dia natao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Tompo. Fa araka ny andininy faha-16, na dia teo aza izany rehetra izany, dia MBOLA TSY NANDRAY NY FANAHY MASINA IZY IREO. Efa taorian'ny ninoany sy nanaovana batisa azy amin’ny fomba marina vao nandray ny Fanahy Masina izy ireo. Izany no tena maodely araka izay voalazan’i Petera ao amin'ny Asan'ny Apostoly 2:38-39.

Soratra Masina iray hafa izay maneho fahazavana mahagaga momba izany dia hita ao amin'ny Galatiana 3:13-14, "Voaozona izay rehetra mihantona amin'ny hazo (Deo. 21. 23), mba ho tonga amin'ny Jentilisa ny fitahiana an'i Abrahama ao amin'i Kristy Jesosy, ary mba handraisantsika ny Fanahy nampanantenaina *(l’Esprit promis)* amin’ny alalan’ny finoana." Ankehitriny dia tsy azo lazaina fa ny "fitahiana an'i Abrahama" dia ny fahaterahana indray, ary ny "ny Fanahy nampanantenaina" no Batisa amin'ny Fanahy Masina, toy ny zavatra roa loha samy hafa nitranga. Fa ny Soratra Masina mivaky toy izao: "Jesosy dia maty teo amin'ny hazo fijaliana, ary tamin'ny alalan'izany fahafatesana sy ny fitsanganana amin'ny maty izany, ny fitahiana an'i Abrahama dia tonga teo amin'ny Jentilisa, fa navela ny Jiosy. Izany dia nitranga mba ahafahan’ny Jentilisa manana ny Fanahy."

Mba hahatakarana izay vao avy nolazaiko dia ny hanazavana ny antony mahatonga ireo mpianatra nilaza fa tsy mbola nahita an'i Paoly na oviana na oviana nanao hoe, "Meteza ho ateraka indray ary AVY EO dia meteza ho feno ny Fanahy." Naminavina izy ireo fa izay ilay izy, ary napetrany izay nandikany azy manokana mba ho izany no ilazana azy, FA NY SORATRA MASINA TSY MILAZA IZANY. Jesosy tsy nilaza izany na oviana na oviana. Jereo ny Jaona 7:37-39, ka vakio am-pisainana tsara. "Ary tamin'ny andro farany, izay andro lehibe tamin'ny andro firavoravoana, dia nitsangana Jesosy ka niantso nanao hoe: Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro. Izay mino Ahy, araka ny voalazan'ny Soratra Masina hoe, avy ao an-kibony dia hisy rano velona miboiboika. (fa izany dia nolazainy ny amin'ny FANAHY, Izay horaisin’ireo izay mino Azy, satria ny Fanahy tsy mbola nomena, ary Jesosy tsy mbola niditra tamin'ny voninahiny.)" ary eto dia voalaza mazava tsara sy hentitra fa ny mpino amin'ny fisotroana sy fanatonana an'i Jesosy am-pinoana dia hanana reniranon’ny rano velona hivoaka ao aminy. Ary izany dia mametraka ny zavatra nitranga tao amin'ny Pentekosta. Ankehitriny raha mieritreritra izany isika ny ary mamaky ny Jaona 4:10 & 14: "Raha fantatrao ny fanomezan'Andriamanitra sy Izay miteny aminao hoe: Omeo Aho hosotroiko, dia ianao no ho nangataka Taminy, ka nomeny rano velona ianao. Fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay; fa ny rano izay homeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho amin'ny fiainana mandrakizay." Io rano velona ihany no voalaza, fa amin'ity indray mitoraka ity dia tsy hoe ny ony; io dia antsoina hoe fantsakana arteziana (dobo). Eo no mahadiso ny olona. Satria izany dia nantsoina hoe fantsakana sy renirano, mihevitra izy ireo fa amin'ny toerana iray izany dia fiainana mandrakizay nomen'ny Fanahy sy amin’ilay hafa manaraka izay iantsoana azy hoe renirano (midika fihetsehana lehibe) dia tsy maintsy ho ny Fanahy, ankehitriny nomena amin’ny hery. Tsy izany. Izany dia iray ihany. Izany dia ny Fanahy izay manome ny fiainana sy ny hery, ary izany no tonga tamin'ny Pentekosta.

Inona moa no nahatonga izany fandikana vilana izany? Ny valiny dia, "NY ZAVATRA IAINANA". Nandeha tamin’ny zavatra niainana isika, fa tsy ny Tenin'Andriamanitra. Esory ny traikefa izay toy ny fitsipika ampiasainao. Tsy misy afa-tsy pilao iray ihany, tehina iray, ary izany dia ny TENY. Ary jereo tsara ankehitriny ka fantaro. I Petera nanao hoe: "Mibebaha ary aoka hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ho famelana ny fahotana ary ianareo handray ny fanomezan’ny Fanahy Masina." Hoy i Paoly: "Moa va ianareo nandray ny Fanahy Masina HATRAMIN’NY ninonareo?" Eto ny olana rehetra no mipetraka. Ny olona mibebaka amin 'ny fahotany, dia atao batisa amin'ny rano, FA TSY MANDROSO SY MANDRAY NY FANAHY MASINA. IANAREO MINO NY FANDRAISANA NY FANAHY. Ny finoana an'i Jesosy no dingana amin'ny lalana marina izay mankany amin'ny Fanahy Masina. Fa ny olona nijanona teo. Nandeha lavitra toy ny rano izy ary avy eo dia mijanona. Mino izy ireo, ary avy eo mijanona. Ny Baiboly tsy milaza fa mandray ianao REHEFA mino. Izany dia hoe: "Efa nandray ve ianao HATRAMIN’NY ninoanao?" Ny fandikan-teny tena marina sy ara-bakiteny dia hoe: "Moa ianareo, rehefa nino teo aloha, nandray ny Fanahy Masina?" Ny olona dia mino ary avy eo mijanona. Tsy mandray ny Fanahy Masina ianao rehefa mino Azy, ka nibebaka. Mandroso ianao dia mandray ny Fanahy Masina. Hitanao ve izany? Izany no mahadiso ireo mpahay Baiboly. Tsy manana hery izy ireo satria tsy tonga tao amin’ny Pentekosta.

Tahaka ny Zanak'Isiraely izay nivoaka avy tany Egypta izy ireo, ary nijanona tsy tonga tany amin’ilay Tany Nampanantenaina. Ary ireo Zanak'Israely niala tany Egypta niisa roa tapitrisa mahery. Niara-nifindra izy rehetra, ny rehetra samy nahita ny fahagagan'Andriamanitra iray ihany, ny rehetra samy nihinana tamin'ny mana sy ny rano avy ao amin'ilay vatolampy nokapohina, ary ny rehetra nanaraka ny rahona raha antoandro sy ny andri-afo nony alina, kanefa ROA IHANY no tonga tany amin'ilay Tany Nampanantenaina. ROA IHANY NO MARINA NA TENA MPINO. izany no marina satria ny Teny dia milaza amintsika fa ny sisa maty noho ny tsy finoana; ary noho ny tsy finoana dia tsy nahazo niditra tao (Hebreo 3:19). Ary satria izy, ary ROA IHANY NO NIDITRA, noho izany ny sisa dia mpino tsy marina. Inona no maha samy hafa azy? Ny roa nijanona niaraka tamin’ny Teny. Rehefa kivy tao Kadesy-Barnea ireo mpitsikilo folo lahy, Josoa sy Kaleba tsy nihontsona satria nino ny Teny ka nanao hoe: "Isika dia afaka manao mihoatra nohon’ny fakàna ny tany." Fantatr'izy ireo fa azony atao, satria Andriamanitra efa nanao hoe: "Efa nomeko anareo ny tany." Na dia hitan'ny Israelita rehetra aza ny hery sy ny famindram-po ary ny fanafahana avy amin'Andriamanitra dia tsy niditra tao amin’ny fitsaharana izy ireo, izay dia tandindon'ny Fanahy Masina. Noho izany dia afaka mahita tsara ianareo amin’izao fa tena vitsy no mino eny am-pandehanana rehetra eny handraisana ny Fanahin'Andriamanitra.

Eny àry, efa tonga hetreo isika. Ankehitriny dia te-handeha lavidavitra kokoa aho, ary rehefa manao izany aho dia fantatro fa ahatonga fihetseham-po ho an’ny sasany. Fa izany zavatra izany dia tsy tompon'andraikitra aho. Izaho dia tompon'andraikitra eo amin'Andriamanitra sy ny Teniny ary ny olona nanirahin’Andriamanitra ahy. Tsy maintsy mahatoky aho amin'ny rehetra izay nomena ahy holazaiko.

Ao amin'ny Jaona 6:37 & 44 dia milaza hoe: "Izay rehetra omen'ny Raiko Ahy no hanatona Ahy; ary izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy. Tsy misy olona mahay manatona Ahy raha tsy ny Ray no mitaona azy; ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany." Jaona 1:12-13, "Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany, izay tsy nateraky ny rà, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona, fa NATERAK'ANDRIAMANITRA." Efesiana 1:4-5, "Araka ny nifidianany antsika tao aminy, talohan’ny nanorenana an'izao tontolo izao, mba ho masina isika sady tsy misy tsiny eo Anatrehany. Tamin'ny fitiavana rehefa nosafidiny mialoha isika amin'ny fananganan'anaka amin'ny alalan'i Jesosy Kristy mba ho Azy, araka ny fahafinaretany ny amin’ny Sitrapony." Ary ankehitriny dia tsy miditra lalina loatra ao amin'ny foto-kevitra momba ny

fiandrianan'Andriamanitra (fa mety ho boky iray manontolo izany) dia mamelà ahy hanamarika etoana fa araka ireo andininy ireo, i Jesosy Kristy no misafidy manokana ny ampakarina toy ny lehilahy misafidy ny vadiny amin'izao fotoana izao. Ny ampakarina amin'izao fotoana izao dia tsy manapa-kevitra fontsiny fa izy dia handeha haka lehilahy iray ho vadiny. Tsia tompoko. Ny mpampakatra no manapa-kevitra ary mifidy ny vehivavy anankiray ho ampakarina. (Jaona 15:16, "Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo.") ankehitriny araka ny Tenin'Andriamanitra, ny ampakarina dia voafidy talohan'ny nanorenanana izao tontolo izao. Io fifidianana ny ampakarina io dia fikasany manokana. Efesianina 1:9. Ary ao amin'ny Romana 9:11 dia milaza fa "mba hijoro ny fikasàn'Andriamanitra araka ny fifidianana." Tsy afaka mamaky azy io amin'ny fomba hafa ianao. Ny fanirian'ny fo, ny fikasana hatrizay hatrizay an'Andriamanitra dia ny haka ny ampakarina nosafidiany MANOKANA, ary izany fikasana izany dia ao Aminy, ary ny maha-mandrakizay dia lalàna talohan'ny nanorenana izao ny tontolo izao.

Araho tsara ankehitriny, ka jereo. Fony tsy mbola nisy potika vovoka kintana; talohan'ny maha Andriamanitra an'Andriamanitra (Andriamanitra dia zavatra natao hivavahana, ary mbola tsy nisy olona tany hanompo Azy, ka noho izany Izy tamin'izany fotoana izany dia Andriamanitra mahaefa ihany.) Ary ilay Fanahy mandrakizay no hany nahafantarana Azy, ny ampakarina dia efa tao an-tsainy. Eny, tao izy. Efa nisy tao amin'ny Eritreriny izy. Ary ahoana ny amin'ireo eritreritr'Andriamanitra? Izy ireo dia mandrakizay, moa tsy izany ve?

Ny eritreritr'Andriamanitra mandrakizay! Mamelà ahy hanontany anareo, "Moa ny eritreritr'Andriamanitra ve mandrakizay?" Raha afaka mahita izany ianao, dia hahita zavatra maro. Andriamanitra tsy miova amin'ny maha izy Azy sy ny fanaony. Efa nianatra izany isika ary nanaporofo izany. Andriamanitra tsy manam-petra ao amin'ny fahaiza-manaony, noho izany dia tsy maintsy mahay ny zavatra rehetra Izy.Ary raha mahay ny zava-drehetra Izy, dia tsy izao Izy no mianatra, na mandray torohevitra na dia amin'ny Tenany aza, na manampy ny Fahalalany na oviana na oviana. Raha afaka manampy ny fahalalany Izy, dia tsy mahay ny zavatra rehetra Izy. Ny tsara indrindra azontsika lazaina dia indraindray ho izany Izy. Fa tsy ao amin'ny Soratra Masina izany. Izy dia mahay ny zavatra rehetra.Tsy mbola nanana eritreritra vaovao Izy na amin'inona na amin'inona satria ny eritreriny rehetra dia efa nanany foana, ary mahafantatra ny farany amin'ny voalohany, satria Izy no Andriamanitra. NOHO IZANY NY ERITRERITR'ANDRIAMANITRA DIA MANDRAKIZAY. IZY IREO DIA TENA MISY. Izy ireo dia toy ny olona miaraka amin'ny rafitra efa nosoritany izay indray andro any dia adika ho zavatra sy endrika, fa izy ireo dia efa misy ary mandrakizay, sy ampahan'Andriamanitra.

Jereo ny fomba fiasan'izany. Andriamanitra dia nanana ny Heviny foana ho an'i Adama. I Adama, amin'ny maha Eritreriny azy dia mbola tsy naseho. Salamo 139:15-16 dia hanome toro-hevitra kely anareo ny amin'izany "Tsy niafina taminao ny tenako, tamin'ny aho namboarina tao amin'ny mangingina, ary namboarina tany amin'ny fanambanin'ny tany. Ny masonao efa nahita ahy na dia fony tsy mbola tsy vita aza aho (tsy nisy endrika); Voasoratra teo amin'ny bokinao avokoa ny andro natokana ho ahy, na dia mbola tsy nisy na dia iray akory aza tamin'izy ireo. "Izany, araka izay nolazaiko, dia tsy nosoratana momba an'i Adama fa manome anareo hevitra fa ny fahalalana dia tao an-tsainy, ary izany dia mandrakizay ka tsy maintsy naseho. Koa rehefa noforonina tamin'ny vovon-tany Adama, ary ny maha ara-panahiny azy dia Andriamanitra no namoronana azy, noho izany i Adama dia lasa ilay eritreritr'Andriamanitra naseho, ary ireo eritreritra mandrakizay ireo ankehitriny dia efa naseho.

Nandritra ny taonjato maro dia afaka mahita isika. Hitantsika ny Mosesy, ny Jeremia, ny Jaona Mpanao Batisa, ary ny tsirairay avy amin' ireo dia eritreritr'Andriamanitra mandrakizay niseho tamin'ny

fotoany. Avy eo dia tonga ao amin'i Jesosy isika, ilay LOGOS (eritreritra). Izy no ilay ERITRERITRA tanteraka sy feno tonga naseho ary lasa fantatra hoe ilay Teny. Izany no momba Azy, ary mandrakizay HO IZANY.

Ankehitriny aza dia voalaza fa "Nifidy antsika Izy ho AO AMINY (Jesosy) talohan'ny nanorenana izao tontolo izao." Izany dia midika fa teo AMINY isika tao an-tsaina sy hevitr'Andriamanitra talohan'ny nanorenana izao tontolo izao. Izany dia manome toetra MANDRAKIZAY ny olom-boafidy. Tsy afaka miala amin'izany ianao.

Mamelà ahy hampiditra hevitra eto. Na dia ny fahaterahantsika ara-boajanahary aza dia mifototra amin'ny fifidianana. Ny atodin'aina vavy mamokatra atody maro dia maro. Nahoana anefa no lazaina fa amin'ny fotoana iray dia misy atody iray midina fa tsy ny iray hafa? Ary eo anivon'ireo tsirin'aina lahy, amin'ny antony tsy fantatra dia misy «germe» iray mamatotra ny tenany amin'ilay atody, raha ny hafa afaka namatotra tenany mora foana teo, na nanana fahafahana hanao izany, saingy tsy nanao ka maty. Misy lesona ao ambadik'izany rehetra izany, dia ny mamaritra raha ny zaza dia zazalahy na zazavavy, menavolo na mainty volo, mazava na maizina ny karazana maso, sns…. Eo am-pieritreretana izany raha mahatsiaro an'i Josoa sy Kaleba. Tsy i Jesosy ve ao amin'ny Jaona 6:49 no nanao hoe: "Ny razanareo nihinana ny mana tany an-efitra ka maty?" Ireo ray aman-dreny izay maty dia tsy maintsy ny razan'ireo vahoaka izay nolazain'i Jesosy. Maty izy ireo, kanefa izy ireo ao amin'ny fifidianan'Andriamanitra ara-nofo raha i Josoa sy Kaleba dia ara-panahy.

Fa hanohizana azy. Ireo olom-boafidy ireo dia tsy ny eritreritra mandrakizay an'Andriamanitra ihany izay tsy maintsy aseho eo amin'ny nofo amin'ny fotoany avy, fa ireo olom-boafidy ireo ihany koa dia anarana hafa no hiantsoana azy. Romana 4:16. "Koa izany dia avy amin'ny finoana, mba ho araka ny fahasoavana; mba ho azo antoka ny teny fikasana ho an'ny taranaka rehetra, tsy ho an'izay teo ambanin'ny lalàna ihany, fa ho an'izay manana ny finoan'i Abrahama ihany koa, dia ilay raintsika rehetra." Romanina 9: 7-13, "Ary mba ho taranak'i Abrahama, izy ireo dia tsy zanany avokoa; fa ao amin'Isaka no ho taranakao. Izany hoe, tsy ireo zanaky ny nofo no zanak'Andriamanitra; fa ny zanaky ny teny fikasana no isaina ho taranaka. Fa izao no voalazan'ny teny fikasana, Hiverina aho amin'ny fotoana tahaka izao, ary Saraha hanana zazalahy. Ary tsy izany ihany, fa tamin'i Rebeka nanan'anaka ihany koa tamin'ny anankiray, dia Isaka razantsika, (fa raha tsy mbola teraka ireo, ary tsy mbola nanao tsara na ratsy, ny fikasan'Andriamanitra araka ny fifidianana mba hijoro, tsy avy amin'ny asa, fa avy Aminy Izay miantso), dia nolazaina tamin-dravehivavy, ny zokiny hanompo ny zandriny. Araka ny voasoratra hoe: Jakoba no tiako, fa Esao halako." Galatiana 3:16, "Ary tamin'i Abrahama sy ny taranany no nanaovana ny fampanantenana. Izy tsy nilaza hoe, Ary ho an'ny taranaka, toy ny milaza ny maro; fa toy ny milaza ny anankiray, Ary ho an'ny taranakao, dia Kristy." Galatiana 3:29, "Ary raha an'i Kristy ianareo, dia ianareo no taranak'i Abrahama sy mpandova araka ny fampanantenana (promesse). "Araka ny Romana 4:16 dia hitantsika fa Andriamanitra dia nanome Fampanantenana Azo Antoka ho an'ny taranak'i Abrahama REHETRA, ary i Paoly mametraka ny tenany sy ny mpino rehetra eo ambanin'ny izany fanendrena izany, satria hoy izy: "Abrahama ilay Raintsika REHETRA." avy eo izy dia nanohy ny famaritana,izay nankeleziny izany fa ny hamita izany ao amin'ny Galatiana 3 izay namaritany ilay VOA (teny) amin'i Jesosy, dia isaina "ny taranaka voa" tahaka ny zanaky ny fampanantenana, ary fampanantenana manana ifandraisany amin'ny "fifidianana", na "ny fifidianan'Andriamanitra". Ary izany indrindra no efa nolazaintsika teo. Ireo izay Taranaka Mpanjaka no olom-boafidin'Andriamanitra; ireo voafidy mialoha,fantatrAndriamanitra mialoha, tao an-tsain'Andriamanitra sy ny eritreriny. Amin'ny teny tsotra indrindra ny tena Ampakarin'i Kristy dia tao an-tsain'Andriamanitra mandrakizay, na dia tsy naseho aza mandra-pivoakany ao amin'ny fotoana voatondro sy voalahatra. Rehefa mivoaka ny rantsany dia MISEHO izy ary maka ny toerany ao amin'ny vatana. Noho izany io ampakarina io ara-bakiteny no TENY NOTENENINA TARANAKA AMPAKARINA. Ary na dia vehivay aza izy amin'ny fanendrena dia antsoina ihany koa hoe ny "tenan'i Kristy". Dia tena hita tokoa fa tokony ho antsoina toy

izany izy satria izy efa nosafidina mialoha ao Aminy, tonga avy amin'ilay loharano iray ihany, mandrakizay miaraka Aminy, ary ankehitriny maneho an'Andriamanitra amin'ny rantsana maro, na dia niseho tamin'ny RANTSANA IRAY MONJA aza Andriamanitra, dia ny Tompo Kristy Jesosy.

Koa ankehitriny, eto isika dia tonga amin'ny famaranana. Toy ny mandrakizay Logos (Andriamanitra) dia Ilay naseho teo amin'ny Zanaka, ary tao amin'i Jesosy no nonina ny fahafenon'Andriamanitra ara-batana, ary izany Mandrakizay Iray izany dia ny Ray naseho teo amin'ny nofo, ary tamin'izany dia nahazo ny anaram-boninahitra ny Zanaka, dia tahaka izany koa isika izay maharitra mandrakizay ao an-tsainy ka lasa rantsana Voa Teny Notenenina maro, niseho tamin'ny nofo,ary ireo eritreritra mandrakizay miseho eo amin'ny nofo ireo ankehitriny no zanak'Andriamanitra, dia izay iantsoana antsika. TSY AMIN'NY ALALAN'NY FITERAHANA INDRAY NO MAHATONGA ANTSIKA HO TARANAKA (VOA), EFA VOA ISIKA KA NOHO IZANY NATERAKA INDRAY SATRIA NY OLOM-BOAFIDY IHANY NO AFAKA ATERAKA INDRAY. Ary satria VOA ISIKA dia izay ny antony azo hamelomana antsika.

Hazomy tsara ao an-tsaina izany. Eto ny dingana manaraka. Manavotra dia midika hoe mividy indray. Izany dia mamerina amin'ny tompony tany am-boalohany. Andriamanitra, tamin'ny Fahafatesany, ilay rà nalatsaka no NIVIDIANANY INDRAY NY AZY. Navotana ilay Ampakarina Taranaka Teny Notenenina. "Ny ondriko mihaino ny Feoko (Teny) ary izy manaraka Ahy." Ianareo dia efa ondry foana. Na oviana na oviana dia tsy kisoa na alika nivadika ho ondry ianareo. Izany dia tsy azo inona satria ny karazan'ny zava-manan'aina dia mamokatra ny karazan'ny mitovy aminy ihany ary tsy misy fiovana eo amin'ny karazana. Ary satria isika tao amin'ny eritreritr'Andriamanitra, ary avy eo dia naseho tamin'ny nofo, tsy maintsy ho avy ilay andro handrenesantsika ny feony (ny Teny), ary ny fihainona izany feo izany dia lasa fahafantarana ny Ray miantso antsika, ary fahatsapana fa isika dia zanak'Andriamanitra. Naheno ny Feony isika ary niantso mafy toy ny nataon'i ilay zanaka adala, "Vonjeo aho, Raiko ô. Hiverina any aminao aho."

Ny zanak'Andriamanitra afaka mandeha ela alohan'ny fotoana hanekeny fa izy dia zanaka. Raha ny marina ny ankamaroan'ny tena Kristianina dia toy ny tantaran'ny voromahery kely izay nokotrehin'ny akoho vavy. Fantatrareo fa ny voromahery dia tandindon'ny tena mpino. Eny ary, ny mpamboly iray dia naka atody tao amin'ny akanin'ny voromahery ary napetrany teo ambanin'ny akoho vavy. Tamin'ny fotoanany , ny atody rehetra teo ambanin'ilay akoho vavy dia foy avokoa. Ireo akoho kely dia salama tsara niaraka niaraka tamin'ny reniakoho fa ilay voromahery kely tsy afaka mahatakatra ny feony sy fiehezany zezika mba hisakafoanany. Niezaka ny mba hiaina izy, fa tena sahiran-tsaina momba izany rehetra izany. Fa indray andro, avy ery ambony amin'ny rivotra ery ilay reny voromahery izay nametraka ny atody, nahita ilay voromahery kely tery amin'ny tany. Nipaoka nidina amin'ny hafainganam-pandeha faran'izay haingana izy ary niantsoantso mafy araka izay tratrany mba hitsena azy. Mbola tsy nahare feom-boromahery niantsoantso izy, fa raha vao henony ilay antso voalohany dia nisy zavatra nisarika tao aminy ary naniry mba hanatona mankany amin'izany. Kanefa natahotra ny hanandrana izy. Ary ilay reny niantsoantso azy indray mba hitsangana ho eny amin'ny rivotra sy hanaraka azy. Nikiakiaka indray kanefa natahotra. Mbola niantso ihany izy, nikiakiaka mba hiezahany. Nikopak'elatra izy nanipy ny tenany ho amin'ny rivotra, ka namaly ny fitarainan-dreniny, ary dia nanidina tsy tana teny amin'ny lanitra manga izy. Hitanareo, efa voromahery foana izy. Nisy fotoana izy aloha niaina toy ny akoho kely, fa tsy nety ho afa-po. Fa rehefa nandre ny antson'ilay voromahery lehibe izy dia tonga tao amin'ny toerana misy azy. Ary raha vao mandre ny antson'ilay Fanahy amin'ny alalan'ny Teny ny tena zanak'Andriamanitra, izy koa dia hahafantatra ny momba azy ary mihazakazaka mamonjy ilay Mpaminany Lehibe Voromahery ary miaraka Aminy mandrakizay mipetraka amin'ny toerana misy ny lanitra ao amin'i Kristy Jesosy.

ANKEHITRINY DIA TONGA TAMIM-BONINAHITRA ILAY VATO FEHIZORO eo amin'ny Batisa

amin'ny Fanahy Masina. Galatiana 4:4-7, "Fa rehefa tonga ny fotoan'andro, dia nirahin'Andriamanitra ny Zanany, nateraky ny vehivavy, nateraka teo ambanin'ny lalàna, mba hanavotany ireo izay teo ambanin'ny lalàna, mba handraisantsika ny fananganan'anaka. Ary satria zanaka ianareo, dia nirahin'Andriamanitra ho ao am-ponareo ny Fanahin'ny Zanany, miantso hoe: Aba, Ray ô. Ka noho izany dia tsy mpanompo intsony ianareo, fa zanaka: ary raha zanaka, dia mpandova an'Andriamanitra amin'ny alalan'i Kristy." Izay ilay izy. I Jesoa Kristy dia tonga, maty teo amin'ny hazo fijaliana,ary nahavita ny Fanavotana (mamerina amin'ny tena tompony tamin'ny alalan'ny fividianana, na ny fandoavana ny sarany) ary amin'izany dia MAMETRAKA ANTSIKA HO ZANAKA. Tsy nanao antsika ho zanaka Izy, satria isika efa Zanany, fa nametraka antsika tahaka ny zanaka Izy; fa raha mbola eo amin'izao tontolo izao isika, eo amin'ny nofo, dia tsy ho azo ekena ho toy ny Zanany.Voagejan'ny devoly isika, kanefa isika zanaka na dia izany aza. Ary mihainoa izao: ARY SATRIA ZANAKA HIANAREO, DIA NIRAHIN'ANDRIAMANITRA NY FANAHIN'NY ZANANY HO AO AM-PONAREO, ARY AMIN'IZANY DIA HIANTSOANTSO IANAREO MANAO HOE RAY O, RAY O." Tamin'Iza ny Fanahy no nilatsaka tamin'ny Pentekosta? Ny zanaka. Tao Korinto? Tamin'ny Zanaka rehefa NANDRE NY TENY izy ireo.

Inona ary ny Batisa amin'ny Fanahy Masina? Izany dia ny Fanahy manao Batisa anao ho amin'ny tenan'i Kristy. Izany no fahateraham-baovao. Izany dia ny Fanahin'Andriamanitra niditra sy mameno anao rehefa avy nibebaka ianao, (rehefa nandre ny Teniny) ary natao batisa amin'ny rano ho toy ny fitadiavana ny fieritreretana tsara eo anatrehan'Andriamanitra. Ny zavatra noresahantsika hatreto dia ho mora kokoa ho an'ny rehetra ny mba hahatakatra raha toa ny rehetra ka mino ny fampianarana ny maha iray an' Andriamanitra. Fa tsy misy olona telo ao amin'io Andriamanitra io fa IRAY ihany. Noho izany dia TSY nateraka indray isika amin'ny fidiran'ny Fanahin' ny Fiainan'i Jesosy, ary avy eo dia ny Fanahy Masina tonga ao mba hanome hery antsika. Raha izany no marina, nahoana isika no manala baraka ny Ray amin'ny alalan'ny tsy fanomezana Azy anjara amin'ny famonjena antsika tanteraka, satria raha ny famonjena avy amin'ny Tompo, kanefa misy Tompo telo, ary IZY (Ray) dia tsy maintsy tafiditra ao koa. Fa azo antoka tokoa fa miharihary ny fahitàna i Jesosy namaritra mazava tsara fa Izy ary Izy irery ihany no Andriamanitra, ary Izy no Izy ary Izy irery ihany Ilay ho avy ao amin'ny mpino. Jaona 14:16 milaza fa ny Ray dia handefa Mpampionona (consolateur) hafa. Nefa ny andininy faha-17 milaza fa Izy (Jesosy) dia monina ao amin'izy ireo, ary ho AO amin'izy ireo aoriana. Ao amin'ny andininy faha-18 dia milaza Izy fa ho avy eo amin'izy ireo. Ao amin'ny andininy faha-23, rehefa niresaka tamin'ny mpianany, dia hoy Izy: "izahay (Ray sy ny Zanaka) dia ho tonga ao aminy." Noho izany dia ny Ray izany, ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, izy rehetra miara-tonga satria OLONA IRAY no misy ao amin'ny maha-Andriamanitra. Izany fahatongavana izany dia nitranga tamin'ny Pantekosta. Tsy fahatongavan'ny Fanahy indroa, indray mandeha monja. Ny olana dia ny tsy fahafantaran'ny olona ny tena marina, ary izy ireo fotsiny dia mino an'i Jesosy fontsiny noho ny famelana ny fahotàna, fa tsy nandeha na oviana na oviana mba handray ny Fanahy.

Alohan'ny hanakatonana ity foto-kevitra ity, dia fantatro fa misy fanontaniana ao an-tsainareo. Te-hahafantatra ianareo raha mino ny foto-pampianarana ny amin'ny fisiana mialoha aho (pre-existence). Izaho tsy mino ny fampianaran'ny Môrmôna momba ny fanahy efa nisy, na fifindran'ny fanahy (réincarnation, trasmigration des âmes). Tandremo eto, ka jereo izao. Tsy ny olona tonga no nofidina mandrakizay avy amin'Andriamanitra, fa izany dia NY TENY, NA NY VOA. Izany no izy.Tany aloha tany, lavitra dia lavitra loatra ho an'ny saina maha- olombelona ny mba hahatakatra, ilay Andriamanitra Mandrakizay manana eritreritra mandrakizay, nieritreritra ary namoaka didy: "JAKOBA NO TIAKO, FA ESAO NO HALAKO, (Romana 9:13) NA DIA MBOLA TSY TERAKA AZA, ARY TSY MBOLA NANAO TSARA NA RATSY.(Romana 9:11)" Indro, izany dia ERITRERITRA, ary avy eo izany eritreritra izany dia nanjary niseho, ka novidian'Andriamanitra indray Jakoba, satria i Jakoba irery no VOA (taranaka). Jakoba, irery ihany no nanana ny voa; izany no antony nananany fanajana ny zon'ny

lahimatoa sy ny faneken'Andriamanitra. Raha toa ka ianao ilay tena voa, dia hihaino izany Teny izany; ny Fanahy no hanao batisa anao ho amin'ny tenan'i Kristy, mameno anao sy manome hery anao, ary ianao dia handray ny Teny amin'ny andro sy vanim-potoana misy anao. Endre izany fahazavan'ny porofo marina, rehefa nambara taminao ny Teny? Ary koa, Mariho, i Jesosy ilay Taranaka Mpanjaka. Niaina tao amin'ny vatan'olombelona. Rehefa niantso Azy ny Fanahy (ny Teny-Eritreritra Naseho), dia nankany Jordana Izy, ka natao batisa tany tao anaty rano. Tamin'ny fankatòavany ny Teny, dia nilatsaka Taminy ny Fanahy Masina ary ilay feo nanao hoe: "Ity no Zanako malalako, Izy no henoy." Ilay feo tsy nanao hoe: "Ity lasa Zanako," Jesosy DIA ilay Zanaka. Ny Fanahy Masina dia nametraka Azy ho izany Zanaka izany teo anatrehan'ny olona rehetra. Ary rehefa feno toy izany (mitovy amin'ny tamin'ny Pentekosta sy ny aoriana rehetra), dia niditra Izy nampiseho hery, nandray ny fanambarana feno an'Andriamanitra sy avy amin'Andriamanitra, tamin'izany andro izany.

Ankehitriny dia efa voalazantsika foana ny hoe ny tena porofo ny fahavitan'ny batisa tamin'ny Fanahy Masina ho an'ny mpino dia ny fandraisana ny Teny ho amin'ny vanim-potoana misy azy. Mamelà ahy haneho aminareo mazava tsara.

Ny Vanim-potoana Fito araka izay voalaza ao amin'ny Apokalypsy Toko 2 & 3 no fotoana hitrangan'ny fahafenoan'ny Jentilisa ho amin'ny famonjena. Isaky ny vanim-potoana iray, tsy an-kanavaka, dia tena milaza zavatra toy izany eo amin'ny fanokafana sy famaranana ny hafatra ho an'ny vanim-potoana tsirairay. "Ho an'ilay anjelin'ny (Efesosy, Smyrna, Pergamosy, Tyatira, Sardisy, Filadelfia, Laodikia) soraty: Izao no lazain'Ilay, sns, sns"... Izay manan-tsofina, aoka izy (tokana) hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana. "Mariho eto fa i Jesosy (amin'ny alalan'ny Fanahy) ISAKY ny vanim-potoana dia manambara ny Tenany amin'ny olona IRAY IHANY momba ny Teny ho an'izany vanim-potoana izany.

Iraka IRAY ihany isaky ny vanim-potoana no mandray izay tsy maintsy lazain'ny Fanahy ho an'izany vanim-potoana izany, ary IZANY IRAKA IRAY IZANY dia ny iraka ho an'ny Fiangonana. Miteny ho an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanambaràna ho an'ireo "fiangonana", na ny marina, na ny diso. Ny hafatra dia alefa ho an'ny rehetra. Fa na dia aparitaka ho an'ny rehetra aza izany ho an'izay hiantefan'ny hafatra, izany hafatra izany dia ny isambatan'olona no mandray azy amin'ny alalan'ny vondrona manana traikefa amin'ny fomba azo antoka. Ny olona tsirairay avy amin'izany vondrona izany dia ilay iray manana ny fahafahana hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny alalan'ny iraka. Ireo izay mandre dia tsy nahazo ny fanambaràna ho azy manokana, na ny vondrona nahazo ny fanambaràna iombonana, FA NY OLONA TSIRAIRAY DIA MANDRE ARY MANDRAY IZAY EFA NORAISIN'NY IRAKA AVY AMIN'ANDRIAMANITRA.

Ary aza gaga raha izany no mitranga, satria i Paoly nametraka izany maodely izany teo ambanin'ny tanan'Andriamanitra. I Paoly irery ihany no nanana ny fanambaràna feno tamin'ny androny araka ny hita tamin'ny fifandonana tamin'ny apostoly hafa, izay niaiky fa i Paoly no Mpaminany-Mpitondra hafatra ho an'ny Jentilisa tamin'izany andro izany. Ary mariho ihany koa amin'ny tena fanoharana ao amin'ny Teny, fa raha naniry ny handeha any Asia i Paoly dia noraran'Andriamanitra izy, satria ireo ondry (ny zanany) dia tany Makedonia, ary izy ireo (ny Makedoniana) dia nihaino izay tsy maintsy nolazain'ny Fanahy tamin'i Paoly, raha ny olona tao Asia tsy afaka.

Amin'ny vanim-potoana rehetra dia mitovy ny maodely. Izany no mahatonga ny mazava amin'ny toerana sasany amin'ny alalan'ny iraka nomen'Andriamanitra ny mpitondra hafatra, ary avy amin'izany mpitondra hafatra izany avy no hiparitahan'ny mazava ny amin'ny fanompoana ny hafa izay efa nampianarina tamim-pahatokiana. Fa mazava ho azy fa izay rehetra nivoaka matetika tsy nianatra ny maha zava-dehibe ny tsy milaza AFA-TSY izay nolazain'ny iraka ihany. (Tadidio fa i Paoly dia

nampitandrina ny olona mba tsy hilaza afa-tsy izay nolazainy ihany, manao hoe: 1 Korintiana 14:37, "Raha misy manao azy ho mpaminany na ara-panahy, dia aoka ho fantany tsara fa ny zavatra izay soratako ho aminareo ny DIDIN 'NY TOMPO. Ahoana? Ny Tenin'Andriamanitra ve Avy aminareo? sa ianareo ihany no nahatongavany?") Manampy eto izy ireo, ary manala eroa, ary avy eo ny hafatra tsy madio intsony, ary maty teo ny fifohazam-panahy. Tsy maintsy mitandrina tsara isika mba hihaino feo TOKANA, fa ny Fanahy dia iray ihany ny feony, izay ny feon'Andriamanitra. Paoly dia nampitandrina azy ireo mba hilaza izay nolazainy, tahaka an'i Petera nanao toy izany koa. Nampitandrina azy ireo izy fa na IZY AZA (PAOLY) tsy afaka manova teny iray ny amin'ny zavatra efa nomeny tamin'ny alalan'ny fanambaràna. Akory ny halehiben'izany mihaino ny feon'Andriamanitra izany, amin'ny alalan'ny Iraka, ary avy eo dia milaza ny zavatra efa nomena azy ireo holazaina amin'ny fiangonana.

Manantena aho fa manomboka mahita ianareo ankehitriny. Angamba ianao afaka mahatakatra ankehitriny, ny antony tsy hifikirako amin'ireo mpahay Baiboly sy ny Pentekotista. Tsy maintsy mihazona ny Teny aho amin'ny fomba nanambaran'ny Tompo izany. Ankehitriny dia tsy mbola voalazako akory izy rehetra. Fa mila boky manokana izany, fa nohon'ny fanampiana avy amin'ny Tompo, dia hahazo toriteny maro isika sy horonam-peo ary hafatra amin'ireo resaka rehetra ireo, mba hanampy anareo hahatakatra sy hampifanaraka ny Soratra Masina rehetra.

"Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana amin'ny vanim-potoana tsirairay." Tamin'ny vanim-potoana rehetra dia mitovy fitarainana. Henoy izay lazain'ny Fanahy. Raha Kristiana ianao, dia hiverina amin'izay ampianarin'ny Fanahy, izany hoe, ny Teny amin'io vanim-potoana io. Ny mpitondra hafatra rehetra amin'ny vanim-potoana rehetra dia hitory izany Teny izany. Ny fifohazam-panahy marina sy vaovao dia hisy satria ny olona efa nahazo indray ny Teny amin'ny vanim-potoanany. Ny antso ho an'ny vanim-potoana rehetra dia ny fananarana, "Efa nandao ny Tenin'Andriamanitra ianareo. Mibebaha, ary miverena amin'ny Teny." Avy amin'ny boky voalohany ao amin'ny Baiboly (Genesisy) mankany amin'ny boky farany (Apokalypsy) dia misy antony iray ihany tsy mahafaly an'Andriamanitra -fialana amin'ny Teny; iray ihany no vahaolana mba ahazoana fitia Aminy indray - miverina amin'ny Teny.

Ao amin'ny Vanim-potoana Efesosy, sy amin'izao fiainana izao, ary amin'ny fotoana rehetra banjinintsika, dia hahita isika fa marina izany. Ary amin'ny vanim-potoana farany izay misy antsika, dia hahita ny fampanginana ny Teny isika, ny fivadiham-pinoana tanteraka mifarana amin'ny fahoriana lehibe. Raha toa ianao ka tena voa, raha tena vita batisa tamin'ny Fanahy Masina ianao dia hihevitra ny Teniny mihoatra nohon'ny sakafo ilaina, ary maniry mafy ny ho velona amin'ny teny REHETRA izay aloaky ny vavan'Andriamanitra. Izany no vavaka ataoko ho antsika rehetra; enga anie isika hihaino izay entin'ny Fanahy izay avy amin'ny Teny ho antsika amin'izao andro izao.